

EO AMBONIN'NY ELATRY

NY VOROMAILALA FOTSY

TOY NY ORAM-PANALA



Ndao isika hanondrika ny lohantsika.

Tompo malala, misaotra Anao izahay izao hariva izao ny amin'ny teny fikasana ny amin'ny fihavian'ny Tompo Jesosy, izay hihaonanay ao amin'ny fivoriana lehibe iray izay tsy hifarana mihitsy, an'ny fifaliana sy hira, raha midera Anao izahay mandritr'ireo—ireo taona tsy manam-pahataperana izay ho avy. Mangataka ny Fitahianao izahay ho eo amin'ny fivoriana izao hariva izao. Mangataka ny Fitahianao izahay ho eo amin'ity tabernakla ity, ho eo amin'ny mpikarakarany, ireo pasiterany, ireo mpiara-miasa aminy, ireo pasitera mpanampiny, sy ny rehetra.

² Mangataka Anao izahay hitahy an'ireo, Tompo, izay tonga avy tany amin'ny mailly maro mba ho ato amin'ny fivoriana, apetraho eo amin'izy ireo ny Tanam-pamindramponao raha handeha hiverina any an-tranony izy ireo. Ekeo izany, Tompo. Enga anie izahay hiaraka hihaona matetika hatrany eto amin'ity toerana antsoina hoe ny tranon'Andriamanitra ity, mba hanompo. Tahio ireo izay mifandray izao hariva izao, Tompo, amin'ny alàlan'ny telefona. Enga anie ny olona tsy voavonjy rehetra hahita an'i Jesosy Kristy ho Mpanonjiny, izao hariva izao; sitrano ny marary sy ny ory rehetra, Ray, hitory ho an'ny asa ny Mpanomponao, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena!

³ Ny Tompo anie hitahy ny tsirairay avy aminareo. Tena faly aho ny tonga eto izao hariva izao. Niditra mihitsy aho rehefa nihira ny ampahany farany tamin'ny hirany i Rahalahy Ernie hoe, *Eo Ambonin'Ny Elatry Ny Voromailala*. Tononkalo mahafinaritra tokoa, mahafinaritra tokoa, ary izaho—izaho dia mahafantatra fa araka ny fotoana ilay izy. Noho izany ankehitriny, dia tena mankasitraka isika.

⁴ Ary ho an'ny olona rehetra izay mifandray izao hariva izao manerana ny firenena, naniry anareo mba ho eto fotsiny aho hahita an'izao fiandrasana izao, ireo fanantenana eo amin'ny tarehin'ny olona raha mifanizina ato amin'ny tranobe izy ireo izao hariva izao; manana fotoana mahafinaritra iray.

⁵ Te-hisaotra an-dRahalahy Jack Moore izahay, sy Ranabavy Moore, ary Rahalahy Noel, Rahalahy Boutliere,

Rahalahy Brown, ireo mpiara-miasa rehetra eto, ny tabernakla manontolo, ny mpikarakara rehetra, nohon'ny fanasana anay hiverina.

⁶ Izany dia ny...ny tena...karazan'ny...tsy azo lazaina hoe fifanojoan-javatra iray, izany dia ny tanaan'Andriamanitra tsotra fotsiny no nanatanteraka an'ilay izy. Misy rahalahy iray eto izay nanana nofy iray indray andro lasa, mikasika ny hitrangan'izao zavatra izao, nilaza fa izaho "dia nitsangana tamin'ny pataloha fotsy iray, tamin'ny kiraro hoditra Indiana." Ary izany marina tokoa ny fomba nitsanganako rehefa niantso an-dRahalahy Jack aho ho an'ny fivoriana eto, marina tokoa, (tany Carson, Colorado) kiraro hoditra Indiana sy pataloha fotsy levi iray; Rahalahy Leo, raha mihaino ianao, dia saika nihaona taminao tao anatin'ny minitra vitsy mihitsy aho. Koa tamin'izany no naka ny fahaterahany ilay fivoriana, teo mihitsy.

⁷ Ankehitriny dia Alahady hariva izao; fantatro fa maro aminareo no hamily fiara mandritry ny alina manontolo izao hariva izao handeha hody, hamily fiara amin'ny maraina ny sasany aminareo. Manana familiana fiara roa andro aho eo anoloako. Ary noho izany izahay—izahay dia tsy hitazona anareo ela loatra. Ary niezaka aho ny hanao an'izao ho hariva iray an'ny andro fahiny, ilay hariva izay nivavahan-dRahalahy Brown, sy Rahalahy Jack, ary isika rehetra fahiny ho an'ny marary taona maro lasa izay, hivavaka ho an'ny marary amin'izany fanao izay nataonay tamin'izany fotoana izany ihany.

⁸ Ankehitriny, afaka mandre ahy ve ianareo ery amin'ny farany aoriana ery? Manohy mampidina an'ireto fanamafisam-peo ireto fotsiny aho satria farim-peo.

⁹ Ary noho izany dia tiako ny...Zavatra kely iray fotsiny, ity trangan-javatra kely ity no nitranga. Nahoana, niteny tamiko izy ireo vao teo fa nisy rahalahy iray, angamba ato amin'ny fivoriana eto izao hariva izao, izay vao avy nivoaka tamin'ny rafitr'anaram-piangonana; tonga eto Shreveport, te-handre mikasika ny Hafatra. Ary nikorontana tanteraka izy, tsy fantany hoe taiza no nisy azy, noho izany dia nandeha tany an-tanàn-dehibe izy. Nahita vahoaka iray niangona izy, hoy izy hoe, "Eto ve i Billy Branham no hitory teny?"

¹⁰ Hoy izy hoe, "Tsia, eto no itorian'i Billy Graham amin'ny—amin'ny alàlan'ny—ny horonan-tsary iray."

¹¹ Hoy izy hoe, "Eny, miala tsiny aho, izaho—izaho dia tonga eo amin'ny toerana tsy izy."

¹² Nilaza izy fa nandroso, hoy izy hoe, "Ankehitriny aiza no azoko haleha, Tompo?" Nolazainy fa nanomboka nandroso teo amin'ity lalam-be ity izy. Tsy fantatro hoe inona ilay izy, misy fiangonana goavana iray eto eo amin'ilay farany. Texas Street. Ary nisy hazo fijaliana goavana iray teo ambonin'ny

fiangonana iray. Nolazainy fa niteny taminy ny Tompo, nanao hoe, “Manohiza mandeha fotsiny.” Nolazainy... rehefa tonga teo izy, dia nisy...Hoy izy, “Eny, tokony ho eto ilay izy, misy fiara betsaka mipetraka manodidina eto.” Dia hoy izy, “Nisy ampakarina sy mpampakatra iray tonga nivoaka avy tao amin'ilay fiangonana.” Omaly hariva izany, nisy mariazy iray tao, nahita an'izany nivoaka aho. Hoy ny Tompo hoe, “Ankehitriny, izao ilay izy. Mivoaka avy amin'ny rafitr'anaram-piangonana ianao mba hiditra ao amin'ny Ampakarina, handeha hiaraka amin'ny Mpampakatra.” Hitanareo? Hitanareo?

¹³ Nasaiko nomarihan'ny vadiko, rehefa nandeha teny an-dàlambe, hoe ahoana fa nihantona teo ambonin'io hazo fijaliana io mihitsy ny volana sy ny kintana, raha nanatona an'ilay izy izahay. Ataoko fa mijery zavatra kely tahaka an'izany fotsiny aho, angamba karazana teny fankasitrahana iray ho an'ny finoako an'Andriamanitra sy ny asam-panompoako.

¹⁴ Nieritreritra aho izao hariva izao, tany Tucson, sendra tany ilay Victor Le Doux, izy dia io lehilahy Frantsay io...izy dia lehilahy Frantsay iray tena izy. Mino aho fa efa niteny taminareo indray andro, fa rehefa avy niresaka aho, niezaka ny nampisaraka ny rafitr'anaram-piangonana amin'ny tena Kristianisma...Ary nisy lehilahy iray nanome ahy ny...karazana resaka fohy mikasika an'izany, avy tamin'ny fiangonana Pentekotista ara-anaram-piangonana malaza iray.

¹⁵ Ary noho izany i Danny Henry, heveriko fa anadahin'ny mpilalao sarimihetsika iray izy na tahaka an'izany, ary Batista iray; fa nihazakazaka nankeo amin'ny lampihazo izy, dia nametraka ny sandriny nanodidina ahy fotsiny ka nanao hoe, “Rahalalahy Branham, antenaiko fa tsy ho fanimbazimbana izao, fa mety ho ny toko faha-23-n'ny Apokalypsy izany.” Ary rehefa nanomboka nilaza zavatra hafa anankiray izy, dia nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra.

¹⁶ Ary io, olona Frantsay telo...Vehivavy Frantsay iray (vehivavy goavana, ranjanana, mainty fihodirana, avy tany Louisiana, mety mipetraka eto izy izao hariva izao) no nandray naoty teo amin'ny sombin-taratasy iray, an'izay nolazainy. Avy eo i Victor Le Doux, mpitoriteny iray, dia nandray naoty an'ilay zavatra iray ihany; ary nampitaha an'ireo naoty izy ireo, na handeha hampitaha. Lehilahy iray mangiram-bolo (somaly fotsy volo iray) izay nitsangana teny aoriana, tena tany aoriana indrindra arak'izay vitany, no nandroso, te-hahita an'ireo naoty ireo. Izy dia mpandika teny Frantsay ao amin'ny U.N. Ary nitovy daholo ireo naoty telo ireo.

¹⁷ Ary izao no nolazain'Izany:

*Satria nifidy an'izao lalan-tsarotra izao ianao...
Nifidy an'izany ianao, ianao dia efa naka...nifidy
an'izany tamin'ny fifidiananao manokana.*

Mazava ho azy, fantatsika izany. Tsy maintsy nanao ny safidiny i Mosesy. Hoy Izy:

*Io no lalana mahitsy sy marina, satria izany NO
LALAKO.*

*Ary toy ny inona—fanapahan-kevitra lehibe toy ny
inona no noraisinao!*

Hoy Izy:

*Noho izany, dia ampahany lehibe iray an'ny Lanitra
no miandry anao.*

*Ary io ihany no hanao, sy hanatanteraka,
an'ilay fandresena goavana ao amin'ny
Fitiavan'Andriamanitra.*

¹⁸ Nitovy daholo izy telo. Nihevitra aho fa nanana an'izany tato anatin'ny Baibolika izao hariva izao, (nijery tao aho, saingy tsy nanana), ilay kopia an'izany tany am-boalohany.

¹⁹ Danny Henry dia tsy mahafantatra...tahaka ny tenako, zara izy raha mahay teny Anglisy tsara, latsaka noho izany ny Frantsay. Raha mahamarika ianareo eo amin'izany, tahaka an'izany ny fiteny Frantsay, apetrak'izy ireo alohan'ny adverba ny verba. Ary tena nitovy marina tokoa ny fandikan'ireo telo ireo.

²⁰ Danny Henry, fotoana vitsy lasa izay, izy dia manao... Mety mihaino an'izany i Danny izao hariva izao. Victor Le Doux angamba no mihaino, satria raha azoko dia any Tucson izy. Ary ianareo vahoaka any Tucson ao amin'ny fiangonana, ny tabernakla, ny Tucson Tabernacle izay Rahalahy Green no pasitera; Rahalahy Victor Le Doux, raha azoko dia ao amin'ny fivoriana anaty tranolay iray izy ao ambanin'ny Park Avenue izay mitondra mankany amin'ny Highway 80, tonga any amin'io lalana io. Ary raha any ianareo rahampitso hariva sy ny hariva manaraka, na oviana na oviana izy no ho any, dia mandehana mihaino azy; ary mety miaraka aminy i Danny. Sady mety mihaino ao amin'ny tabernakla mihitsy aza angamba izy ireo izao hariva izao, tsy fantatro.

²¹ Nandeha nankany Jerosalema i Danny taorian'izany avy hatrany, ary nilaza izy fa nitsilany tao anatin'ny fasana teo ambonin'ilay hazo fisaka...vato fisaka izay nandrian'i Jesosy, ny vatana talohan'ny Fitsanganany mihitsy. Ary nilaza izy, fa tampoka teo dia tonga tao an-tsainy aho; ary nilaza fa nihazakazaka izy, sady nitomany, ary nandeha nivoaka. Ary izy dia voatarika...Izy dia lehilahy iray izay manamboatra zavatra avy amin'ny vato; mandidy vato, no tiako ho lazaina. Nolazainy fa nandeha teo amin'izay nolazain'izy ireo fa

nanatsatohana ny hazo fijaliana izy, ary nanapaka fotsiny... nikapoka sila-bato kely iray saiky toy ny hoe...oh, inch iray tora-droa, na tahaka an'izany; nametraka an'izany tao anatin'ny paosiny, ary nahatsiaro ho voatosika hitondra an'izany tany an-trano.

²² Rehefa nataony izany, dia nisy zavatra nanao taminy hoe, “Anaovy bokotra tanaan’akanjo anankiroa amin’iny i Rahalahy Branham.” Noho izany dia napetrany ao anaty asidra ilay izy, ary izany no nanova an’ily loko avy tamin’ny lokon’ny vato sokay tsotra ho vato misy rà iray. Dia nanamboatra an’ireo bokotra tanaan’akanjo izy.

²³ Ary rehefa nomeny ahy izy ireo, tsy nahamarika an’izany izy, saingy teo afvoan’ireo bokotra tanaan’akanjo anankiroa ireo mihitsy dia nisy tsipika nahitsy, tery. Mitondra azy ireo aho izao hariva izao, mba hivavaka ho an’ny marary. Hitanareo, ny—ny lokon’ny vato misy rà iray, mitovy amin’ny rà mikoriana; miaraka amin’ny tsipika mahitsy, tery mandalo ao mihitsy. Izany marina tokoa no nolazain’ny faminaniana hoe, “ilay làlana mahitsy sy tery”; hitanareo, tao amin’ily faminaniana. Nasehoko azy izany.

²⁴ Danny, raha mihaino ianao, ianao na Rahalahy Le Doux, ny iray aminareo, ny androany hariva dia ho harivan’ny fanao fahiny rehefa tsy maintsy hivavaka ho an’ny marary izahay. Faly aho ny mandeha ao amin’io làlana mahitsy, tery io, ny làlan’ny Filazantsara, ny làlan’ny Teny, miaraka amin’ny Jesosy Kristy Tompontsika.

²⁵ Andriamanitra anie hitahy anareo rehetra. Ankehitriny, mahafinaritra ny miresaka, hiresaka ela fotsiny aho saingy hihazona ela be anareo eto. Nilaza i Billy fa misy eo anelanelan’ny telo sy efajato ny olona hivavahana, noho izany dia tsy maintsy handeha haingana mihitsy aho miaraka amin’ny hafatsika haingana arak’izay azo atao, ary hivavaka ho an’ny marary avy eo.

²⁶ Ankehitriny, ho an’ireo olona any Arizona, amin’ny Sabotsy heriny hariva, izahay dia ho any (tsy afaka mieritreritra ny anaran’ily tanàna mihitsy aho) Yuma, Arizona, ao amin’ily fanasana. Avy eo, any California, hanohy avy hatrany izahay ny Alahady maraina, hatrany Los Angeles sy ireo toerana izay efa voalaza mialoha fa handehanana any.

²⁷ Izao hariva izao, dia tiako ny haka lahateny iray avy ao amin’ny Soratra.

²⁸ Amin’izay ihany, nipetraka tao amin’ny trano fisotroan-kafe iray aho androany, ny Morrison’s Cafeteria; Rahalahy Jack, ny vadiny, izaho sy ny vadiko. Nandeha tao amin’ny Morrison’s Cafeteria izahay mba hanana fotoana kely iray miaraka, tsy mbola nivoaka izahay, tsy mbola niaraka mihitsy ireo vehivavy. Nisy lehilahy tanora iray nanatona ahy,

Green no anarany, rain'i Rahalahy Pearry Green izy. Dia hoy izy hoe, "Fantatrao, Rahalahy Branham, niresaka ny amin'ny 'paingotra johnny' ianao indray hariva." Izany dia tena ny... Inona izany? Paingo-bolo. Hoy izy hoe, "Niresaka ny amin'ny 'paingotra johnny' ianao," hoy izy, "omeko 'paingotra johnny' iray ianao." Nomeny ahy ilay izy.

²⁹ Ankehitriny, ity no "paingotra johnny," ry ramatoa, tsy hety amin'ny volo izany. Ny "paingotra johnny," nilaza izy—nilaza izy fa efa nampiasa an'izany nandritry ny taona maro, mba hihazonana an'ireo pejin'ny Baiboliny. Noho izany dia hoy izy hoe, "Homeko anao ny tena izy amin'ny 'paingotra johnny.'" Noho izany, Rahalahy Green, raha any ho any ianao na mihaino, io "paingotra johnny io dia" mahavariana, mihazona an'ilay izy tsara fotsiny.

³⁰ Te-hiditra ao amin'ny Soratra avy hatrany isika ankehitriny. Ary tiako ianareo hamadika miaraka amiko ankehitriny ao amin'ny Salamo 55, ary Matio 3 koa avy eo. Ary ny lohahevitro izao hariva izao dia ny isan'andiny an-dRahalahy Ernie hoe: *Eo Ambonin'Ny Elatry Ny Voromailala Fotsy Toy Ny Oram-panala*. Ankehitriny, tsy hahavita hikasika ny naoty rehetra sy ny Soratra izay ananako eto aho, satria somary hitsambikinako kely fotsiny ny vitsy amin'izy ireo, ary satria efa nampantanena an'ilay hafatra aho.

³¹ Raha sitraky ny Tompo, ho an'ny Yuma amin'ny Sabotsy heriny hariva, dia tiako ny hitory eo amin'ny hoe: *Ireo Fepetra Ho An'Ny Fampakarana*, raha sitraky ny Tompo.

³² Ao amin'ny Salamo 53...Manao azafady aminareo aho, Salamo 55.

Mihainoa... (Azafady? 55, eny, tompoko.)

Mihainoa ny fivavako, O Andriamanitra;...aza manafina ny tenanao amin'ny fitarainako.

Manatreha ahy, ka henoy aho: mitoloko ao amin'ny fitarainako aho, ary mitabataba;

Nohon'ny feon'ny fahavalo, nohon'ny fampahorian'ny ratsy fanahy: fa mampianjera heloka amiko izy ireo, ary amin'ny fahatezerana no ankahalany ahy.

Mangorohoro ato anatiko ny foko: ary ny tahotry ny fahafatesana no milatsaka eo amiko.

Fahatahorana sy fahatongavan'ny hovitra no tonga eo amiko, ny horohoro no manafotra ahy.

Ka hoy aho hoe, Oh enga anie aho ka hanana elatra tahaka ny voromailala! dia handositra aho amin'izay fotoana izay, ka hitsahatra.

Indro, hivezezy lavitra aho amin'izay fotoana izay, ka hitoetra any an-efitra. Sela. (Sela dia midika hoe "Amena.")

³³ Davida, mpitia an-efitra iray, rehefa tra-pahoriana izy ka tsy nino azy ny vahoaka, ary tonga teo aminy ireo fahavalo, dia hoy izy hoe, "Raha nanana elatry ny voromailala aho, dia hanidina hankany an-efitra ary hitoetra any." Impiry moa no nieritreretako an'io zavatra iray ihany io! Raha afaka naka ny basiko teo amin'ny rindrina aho, ny entana filasiako, handeha any an-efitra ary tsy hiverina intsony indray. Efa nanontany ny Tompo aho raha afaka ho velona ka habita ny andro... Tsy mila fotoana fiandrasam-paty mihitsy aho, hoy aho hoe, "Raha afaka mandeha any anaty ala any ho any fotsiny aho, hametraka an'i 'Blondie' antitra hiankina amin'ny hazo,..."

³⁴ Ny basiko izany, miala tsiny aho, izaho—izaho—izaho dia milaza an'izany nohon'ny vadiko izay mipetraka eo. Fantatrareo, io basy io, dia Rahalahy anankiray eto no nanome ahy azy taona maro lasa izay, haza dimy amby dimampolo no efa matiko taminy, tsy nisy tfitra iray diso, ny sasany tamin'izy ireo dia fito ka hatrany amin'ny valonjato yards. Antsoiko hoe "Blondie" izy satria brunette iray ny vadiko, noho izany dia milaza izy fa ny basiko no eritreretiko betsaka noho izy. Fa...

³⁵ Noho izany, izaho—izaho dia ho tia ny hametraka azy hiankina amin'ny hazo iray, ka hanao hoe, "Tompo, aoka ho hitan'i Joseph izy indray andro any." Tiako ny haka ny elatry ny voromailala ka hanidina.

³⁶ Fa tahaka an'ilay indray mandeha teny an-tendrombohitra ka nandinika voromahery iray, ary nahita azy nanidina (fantatrareo ny tantarako mikasika an'izany), hoy aho hoe, "Tsara ny tonga eto, Tompo; tahaka ny nolazain'i Petera hoe, 'afaka manorina tabernakla telo isika.' Fa eo ambanin'ilay tendrombohitra, no miandry ireo marary sy ory, miandry ireo very sy eo am-pahafatesana." Noho izany ndao isika hanao izay azontsika hatao raha mbola andro ilay izy, fa indray andro any dia hisy ny...hidina ireo elatry ny Voromahery fotsy iray, hitondra antsika hiala Izy.

³⁷ Ankehitriny ao amin'ny Matio 3:16, tiako ny hamaky ny 16 sy 17.

Ary Jesosy, rehefa avy natao batisa izy, dia nandeha niakatra avy hatrany avy tao amin'ny rano: ary, indro, nisokatra taminy ny lanitra, ary hitany ny Fanahin'Andriamanitra nidina tahaka ny voromailala, ka nankeo amboniny:

Ary indro nisy feo avy tany an-danitra, nanao hoe, Ity no Zanako malalako, izay sitrako. (Amin'ny teny hafa dia hoe, "izay Sitrako itoerana.")

³⁸ Ankehitriny te-hiresaka eo amin'ity vorona ity minitra vitsy isika. Ny voromailala foana no anankiray amin'ireo vorona tiako indrindra. Ary mieritreritra ny amin'ny voromailala iray, ny voromailala iray dia tena...sy ny domohina iray dia vorona iray ihany. Voromailala tamana an-trano ny domohina. Fianakaviana iray ihany izy ireo. Efa nohamariniko izany ary fianakaviana iray ihany ilay izy. Ny domohina sy ny voromailala, izy roa ireo dia avy amin'ny fianakaviana iray ihany. Miavaka ny fahazaran'ireo vorona ireo.

³⁹ Nitory teny aho teto, taona maro lasa izay, tao amin'ny fivoriana anaty tranolay teto niaraka tamin-dRahalahy Moore, teo amin'ny: *Ny Zanak'Ondry Sy Ny Voromailala*. Ataoko fa mahatsiaro an'izany ianareo rehetra; ary ahoana fa io voromailala io no vorona madio indrindra izay ananantsika, ary ny zanak'ondry no biby mora fanahy indrindra izay ananantsika. Izy roa ireo dia vorona sy biby fanao fanatitra.

⁴⁰ Mahafinaritra toy ny ahoana fa izany no manao tandindona an'i Jesosy eto ho ilay Zanak'ondry, ary Andriamanitra ho Voromailala. Ary tsy hipetraka eo ambonin'ny amboadia mihitsy ny voromailala, tsy tsara ny natorany. Tsy afaka hipetraka eo ambonin'ny alika iray izy, tsy tsara ny natorany. Tsy maintsy zanak'ondry iray ilay izy; tsy maintsy mitovy ireo natora roa ireo. Ary izany no tokony haha-izy antsika, tokony hiova avy amin'ny mpanota mpitrerona ho fahalemam-panahin'ny zanak'ondry iray ny natorantsika.

⁴¹ Ary efa voamarikareo ve fa ny Voromailala no nitarika an'ilay Zanak'ondry? Ary mariho, ilay Zanak'ondry dia nahafoy ny zavatra rehetra izay Nananany ho an'ilay Voromailala. Ary jereo izay nitondran'ilay Voromailala Azy: ho any amin'ny fanohomboana nohon'ny fahotantsika rehetra.

⁴² Ankehitriny, ny Voromailalan'ny...Te-haneho Ny Zanany Andriamanitra, voaseho tamin'ny alàlan'ny biby madio indrindra sy mora fanahy indrindra teto an-tany Izy, zava-boaharin'ny tany iray; saingy rehefa naneho ny Tenany teny amin'ny lanitra Andriamanitra, dia tamin'ny alàlan'ny vorona mora fanahy indrindra sy madio indrindra izay misy eny amin'ny lanitra, voromailala iray.

⁴³ Ankehitriny, miovaova ny voromailala, misy karazany maro samihafa izy ireny. Mazàna ny domohina kelintsika dia vorona somary miendrika volon-davenona. Ary avy eo misy ny voromailala malahelo iray, ary misy ny voromailalan'ny hariva. Misy ihany koa ny antsoina hoe voromailala sonora izay ananantsika any an-trano, izy dia vorona kely, volon-davenona; vorona kely, bitika misy tsipika mena eo amin'ny elany. Misy karazany maro ny voromailala, ary miovaova amin'ny loko izy ireny. Toy izany koa ny amin'ireo domohina.

⁴⁴ Ankehitriny, voromailala iray tena natao ho hafahafa mihitsy ny voromailala, satria ny fanaony dia tsy afaka mihinana zavatra izay tsy madio izy; tsy afaka manao an'izany fotsiny izy, satria tsy namboarina ho an'izany.

⁴⁵ Ankehitriny, niresaka mikasika ny voromailala ho mari-pamantaran'Andriamanitra foana aho, ary ny goaika ho mari-pamantaran'ny mpihatsaravelatsihy. Ny goaika anankiray dia afaka mipetraka eo ambonin'ny vatana maty tranainy iray ka mihinana, mandritry ny andro maro, ary manidina avy hatrany mankany an-tsaha ka mihinana vary miaraka amin'ny voromailala. Fa ny voromailala dia afaka mihinana vary tsara mihitsy, saingy tsy afaka mihinana an'ilay vatana maty. Hitanareo? Tsy afaka manao an'izany fotsiny izy, tsy afaka mahalevona an'izany izy. Ary nanontany aho hoe nahoana izy no tsy afaka nanao an'izany; samy karazam-borona izy roa ireo, samy vorona izy roa. Fa nahoana? Ny toe-batan'izy ireo izany.

⁴⁶ Toy izany ny amin'ny Kristiana iray tena izy. Ny...ny Kristiana ara-anaram-pianganana ihany no afaka maka ny zavatra rehetra mihitsy, fa ny Kristiana tena izy, nateraka indray dia tsy afaka maka an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Namboarina ho hafa izy.

⁴⁷ Hitako fa tsy manana afero iray ny voromailala. Tsy misy afero ao anatin'ny voromailala iray satria tsy ilainy izany.

⁴⁸ Toy izany koa ny Kristiana iray, tsy mila fangidiana mihitsy izy, hitanareo, satria ny Sakafon'Andriamanitra irery ihany no azony hanina. Ary tsy mila fangidiana handevona an'izany; mila fitiavana, hitanareo, noho izany izy...mba handevona an'ilay sakafo. Fangidiana: "Oh," hoy izy ireo, "eny..." tsy manaiky an'izany izy ireo. Fa ny fitiavana dia mandray an'izany foana, ny Tenin'Andriamanitra.

⁴⁹ Ankehitriny, tsy manana afero izy, koa noho izany izy dia tsy afaka...mifanohitra aminy fotsiny ny mihinana zavatra ratsy. Ary raha hihinana an'izany izy, dia hamono azy izany. Fa aza manahy, tsy hihinana an'izany izy (ah-hah), satria tsy manana faniriana an'izany.

⁵⁰ Ary toy izany ny tena Kristiana iray. Efa fantatrarao ve fa ny Kristiana anankiray dia tsy manana fahotana iray mihitsy akory aza isaina ho azy? Hoy i Davida hoe, "Sambatra ny olona izay tsy hisain'Andriamanitra fahotana." Rehefa voasasan'ny Ràn'ny Zanak'ondry ianareo (tsy tamin'ny mody finoana, fa tena ilay—ilay Ràn'ny Zanak'ondry), dia tsy isain'Andriamanitra ho anareo ny zavatra rehetra izay nataonareo, satria eo ambanin'ilay Rà ianareo ka tsy Hitany izany. Misy fanatitra Rà iray eo; ny zavatra tokana izay Azony ijerena anareo ao, dia ny fomba Nahitany anareo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao rehefa Napetrany tao anatin'ny Bokin'ny

Fiainan'ny Zanak'ondry ny anaranareo. Io ihany no Azony jerena, satria efa navotana tamin'ny zavatra rehetra izay hany natao ianareo, voasasa tao amin'ny Ràn'ny Zanak'ondry. Noho izany dia tsy misy afero ao anatinareo, tsy misy fahazarana tsy madio ao anatinareo, satria ny Ràn'ny Zanak'ondry no efa nanao an'izany; ary tsy afaka manisa ny fahotana ho anareo Andriamanitra rehefa avy nanana fanatitra ho an'ny fahotana iray ianareo mipetraka eo miandry anareo.

⁵¹ “Eny,” hoy ianareo, “manome ahy efitra maro izany amin'izay fotoana izay, Rahalahy Branham, afaka manao izay tiako hatao aho.” Manao isan'andro aho; isan'andro. Saingy rehefa tena afaka mahita an'izay nataon'i Jesosy ho azy ny olona iray, ka mihodina ary manao zavatra mifanohitra Aminy, dia izany no maneho fa tsy nandray an'i Kristy mihitsy izy.

⁵² Manana vady kely iray aho mipetraka iry aoriana iry. Zandriko folo taona izy, nefa fotsy volo tahaka ahy. Ny antony satria izy dia nijoro eo anelanelako sy ilay—sy ilay izao tontolo izao any ivelany. Rehefa nandeha tany ampitan-dranomasina aho, ka izaho dia...Tsy ho karazam-pianakaviana hafa iray iainana ve izany, raha hangoniko manodidina ahy ny fianakaviako ka hilaza aho hoe: “Jereo aty, Rtoa. Branham, tianao ny hahalala fa ianao no Rtoa. William Branham. Tsy hanana vady hafa ianao rehefa lasa aho. Aza mijerijery lehilahy hafa mihitsy,” sy ireo zavatra rehetra ireo. “Aza misakaiza mihitsy ianao. Raha manao ianao, dia hisaraka aminao aho rehefa miverina.”

⁵³ Dia hitodika izy ka hanao hoe, “Ankehitriny, ry lehilahy tsarako, te-hiteny zavatra iray aminao ihany koa aho. Tsy haka vehivavy hafa mihitsy ianao rehefa mandeha. Tsy hanao an'ity sy itsy ianao. Raha manao ianao, dia hevero fotsiny ho efa nisara-bady ny tenanao rehefa tonga ato an-trano.”

⁵⁴ Ankehitriny, ho fianakaviana iray mifankatia ve izany? Hitanareo? Tsia! Raha tena tia azy aho...Na inoako aza fa nanao fahadisoana iray aho sy solafaka ary nanao zavatra ratsy, dia mino aho fa hamela ahy ny amin'izany izy satria tia ahy izy. Ary raha izy no nanao, dia mino aho fa hamela azy ny amin'izany aho; izany tokoa, satria tiako izy. Fa raha tahaka an'izany no itiavako azy, raha mbola tia azy foana tahaka an'izany aho dia tsy hanana ahiahy izy. Na hamela ahy aza izy, dia tsy handratra azy amin'ny inona na inona aho. Izaho—izaho—izaho dia hahatsapa ho zalahy meloka indrindra eto amin'izao tontolo izao, tsy ho andriko ilay minitra hitenenako aminy mikasika an'izay nataoko, satria tiako izy. Eny, izany no...Raha tia azy amin'ny fitiavana *fileo* tahaka an'izany aho, ho lehibe lavitra toy ny ahoana ny fitiavako *agape* ho an'i Jesosy Kristy?

⁵⁵ Na dia mety nifoka sigara iray aza aho, tsy mbola nifoka mihitsy aho tamin'ny fiainako; fa na nifoka aza aho, dia mety

hamela ahy ny amin'izany Izy, mino aho fa hamela Izy. Raha nandray fisotroana iray aho, tsy mbola nisotro mihitsy aho tamin'ny fiainako, fa mino aho hoe hamela ahy ny amin'izany Izy. Ary tiako loatra Izy, (Andriamanitra, ampio aho) tsy te-hanao zavatra tahaka an'izany aho, hitanareo, satria tiako Izy. Niala tamiko io karazan-javatra io, satria rehefa nanova ahy avy tamin'ny goaika iray ho voromailala iray Izy dia nanao fahasamihafana iray izany, niala tamiko ny faniriako sy ny sisa; tsy isaina ho ahy ny fahotana amin'izay fotoana izay satria tsy mikasa hanao an'izany aho, tsy ao anatiko ny hanao an'izany.

⁵⁶ Ankehitriny zavatra hafa lehibe iray mikasika an'ity voromailala ity. Vorona hafahafa iray izy. Efa mba hitanareo ve ny vorona rehetra...

⁵⁷ Ny anankiray amin'ireo vorona tiako indrindra dia ny menatratra. Ankehitriny, ianareo tovolahy atsaharo ny mitifitra ny menatratrako, hitanareo, satria tsy tiako hanao an'izany ianareo. Ny menatratrako, fantatrareo ve hoe ahoana no nahazoany ny tratrany mena? Fantatrareo, nisy Lehilahy iray maty teo amin'ny hazo fijaliana indray andro, tsy nisy olona namonjy Azy, nandao an'ilay Lehilahy Andriamanitra, nefa teo am-pahafatesana Izy. Nisy fantsika teo amin'ireo Tànany, nandeha rà ny Tongony sy ny Lanivohony, satroboninahitra no teo amin'ny Lohany ary tsilo, rà no nikoriana nanerana ny Tavany. Ary nisy vorona kely iray nandalo, vorona kely iray, volon-tany. Ary nojereny izany, dia... nihevitra izy fa izany no fahitana mampalahelo indrindra izay hany hitany. Ary fantany fa vorona kely fotsiny izy, saingy nijery an'ireo fantsika goavana be izy, izay nalentik'ireo Romana tsy mifaditrovana teo amin'ny Tànany, ary nanidina niaraka tamin'ny vava keliny izy ka nanandrana namaha azy ireo. Nandro tanteraka tamin'ny rà ny tratrany, nanomboka tamin'io dia lasa mena ilay izy. Tiako ny tratrako hanana fiarovana-tratra amin'Ny Ràny, ihany koa, miaro an'Izany rehefa handeha hihaona Aminy aho. Tiako ny menatratra kely iray.

⁵⁸ Fa, fantatrareo, mila mandro ny menatratra kely iray; fa, fantatrareo, ny voromailala iray dia tsy mila; tsia. Manana karazana menaka iray izy ao anatin'izay manosomenaka azy sy mitahiry azy hadio avy ao anatin'izay mankany ivelany. Fantatrareo ve izany? Manana an'izany ny voromailala! Manosomenaka ny tenany ny voromailala. Efa mba naka anankiray ve ianareo, nioroka an'io fofona teo aminy io, domohina iray na tahaka an'izany? Io dia menaka izay vokarina avy ao anatin'izany. Mamokatra tsiranoka menaka iray izay mitahiry ny volony hadio foana ety ivelany ny vatany satria madio avy ao anatin'izany mankany ivelany izy. Marina izany. Vorona kely mahagaga izy.

⁵⁹ Ankehitriny, fantatro fa afaka mihaza azy ireny ianareo eto, heveriko, eto Louisiana. Aza manao an'izany! Oh, tsy mahavita an'izany aho. Ataoko fa raha noana aho, dia ho mety tsara izany, fa izaho—izaho tsy afaka hanindry mihitsy an'ilay fitifirana eo amin'ny anankiray raha tsy maintsy hanao aho.

⁶⁰ Misy...Manana zavatra lehibe iray hafahafa ny voromailala ao amin'ny fianakavianay. Indray andro rehefa ny renibeko...Avy eto Kentucky izy, avy any amin'ny alan'ny Cherokee. Teo am-pahafatesana izy, vehivavy kely iray, ary izy no...Izy ireo nanana...Heveriko fa izy ireo dia miantso an'ilay izy hoe scrofula na tahaka an'izany, teo am-pahafatesana izy. Ary nandohalika teo amin'ny sisin'ny fandriana i dadabe; raha i Mama, Nenitoa Birtie, Nenitoa Howlie, izy rehetra ireo nandohalika nanodidina ny fandriana; Dadatoa Charlie, (zazalahy bitika kely, efa-taona) ilay zazakely; Mama, no zokiny indrindra, teo amin'ny roapolo taona teo. Ary nobangoiny ny volony mainty teo am-pandriana, dia nanomboka nihira izy hoe, "Ry Vatolampin'ireo Taona, nosokafana ho ahy, avelao aho hanafina ny tenako ao Aminao," rehefa teo am-pahafatesana izy. Dadabe, tamin'io fotoana io, dia tsy Kristiana. Fito amby valopolo taona izy no nataoko batisa, tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, teo ambanin'ny renirano izay nisehoan'ilay Anjelin'ny Tompo.

⁶¹ Fa raha mbola nihira an'io hira io izy, niaraka tamin'ireo tãnany kely malemy nitsangana, dia niditra teo amin'ny varavarana ny voromailala iray; nanatona, nipetraka teo an-tampon'ilay fandriana, nanomboka nibakobako. Nentin'Andriamanitra ny fanahiny.

⁶² Nandeha tany Londres aho, Angletera niaraka tamin-dRahalahy Jack sy niaraka tamin-dRahalahy Gordon Lindsay, ary nisy vehivavy iray tamin'ny anarana hoe Florence Nightingale (milaza fa, heveriko, zafiafy na tahaka an'izany an'iompokovavy Florence Nightingale) izay nanoratra taratasy maro tamiko. Tany Afrika Atsimo izy, teo am-pahafatesana niaraka tamin'ny homamiadana. Ary nanana sary iray izy; efa hitanareo ao anatin'ilay boky izany. Tsy mbola nahita mety maty iray tahaka an'izany mihitsy aho tamin'ny fiainako. Rahalahy Jack, mino aho, no niaraka tamiko tamin'io andro io. Niditra tao an-tranon'ny mpitoriteny iray izahay, tao amin'ilay presbytera, tao ambadik'ilay fiangonana izay nitondran'izy ireo azy mihitsy.

⁶³ Raha izahay mbola teo amin'ny...izay nidinan'ilay fiaramanidina, dia nanaovan'izy ireo antso avo izahay, ary tao anatin'ny fiara mpitondra marary iray izy tamin'izay; efa nisidina avy tany—avy tany Afrika Atsimo, nahafantatra fa

ho tonga tao Angletera aho tamin'io fotoana io. Nentin'ilay mpitoriteny tao amin'ny presbytera izy, noho izany dia nandeha tao izahay mba hivavaka ho azy.

⁶⁴ Efa nahita olona marary marobe aho, fa tsy nihoatra ny iray inch ny hatevin'ireo sandry keliny, ny—ny karandohany eo amin'ilay ifandraisany miaraka, dia afaka nahita an'izany ianareo. Ary izy...ny ranjony hatreto amin'ny manodidina ny valahany dia tsy nihoatra an'izao, teo amin'ny roa inches ny hateviny, taolana fotsiny. Ary tsy afaka nanangana ny tânany izy, reraka loatra izy ny hanangana ny tânany. Ary nanandrana nilaza zavatra anankiray izy, fa tsy afaka nahazo azy aho. Ary farany rehefa afaka nandre aho, mino aho fa tamin'ny alàlan'ny mpampivelona iray, dia hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, mivavaha mba hamelan'Andriamanitra ahy ho faty." Izy dia tsy afaka...tsy te-ho velona. Ary nahamarika aho, nikoriana teo amin'ny ilan'ireo taolana teo amin'ny tavany ireo ranomaso. Taiza no nahazoany hamandoana ampy tao aminy mba hitomaniana, tsy fantatro; fa fisaka ireo lalan-dràny, ary tao anatin'ny toerana mahatsiravina no nisy azy. Tonga hivavaka ho an'ny marary aho, saingy tsy afaka ny hivavaka ho azy mba ho faty. Fa toy ny hoe tsy afaka ny ho faty fotsiny izy, nitaraindraina fotsiny.

⁶⁵ Nandohalika niaraka tamin'ny pasiteranareo aho, tao amin'ilay efitra mba hivavaka. Ary rehefa nandohalika mba hivavaka aho, dia nanidina teo am-baravarankely ny voromailala kely iray; nanomboka nibakobako. Rehefa nifarana nivavaka aho, dia nieritreritra fa voromailala fiompy tany ho any ilay izy. Feno zavona ny tany ivelany, toy izany i Angletera, ireo Nosy Britanika any. Ary nitsahatra tsy nibakobako io voromailala kely io, dia lasa nanidina. Nandroso aho ary nametra-tànana teo aminy ka niantso ny Anaran'ny Tompo. Ary ilay vehivavy dia vehivavy goavana be iray, matanjaka salama androany, teo ambonin'ny elatry ny Voromailala.

⁶⁶ Mitahiry ny tenany ho madio avy ao anatin'ny izy. Manao an'izany koa ny Kristiana iray, manadio avy ao anatin'ny izy. Izany no manao an'ilay lolom-po...Tsy mila afero iray handevona ny zavatra rehetra izy, satria tsy mihinana an'izany. Hitanareo? Madio avy ao anatin'ny mankany ivelany izy.

⁶⁷ Ankehitriny, mahamarika isika fa io vorona io... Maro ny zavatra voasoratro eto, nefa manohy mihodina ilay famantaranandro. Io vorona io koa taloha ao amin'ny Testamenta Taloha dia ho an'ny fanatitra, ho an'ny fanaovam-panavotana iray sy ho an'ny fanadiovana. Ndao isika hitodika amin'ny anankiray fotsiny eto ao amin'ny Genesisy 15:9. Ndao isika hieritreritra an'ity andininy ity vetivety fotsiny. Ankehitriny, Abrahama dia...nangataka tamin'Andriamanitra eto, hoe ahoana no Hanaovany an'io. Ary namerina Ny Teniny tamin'i Abrahama Andriamanitra, ka

manao an'izany amin'ny fomba hafahafa iray Izy. Manomboka eo amin'ny...Ndao isika hanomboka amin'ny andininy faha-1. Tsy tiako ny handeha haingana amin'ity.

Taorian'ireo zavatra ireo dia tonga tamin'i Abrahama ny tenin'ny TOMPO tao amin'ny fahitana iray,...

Hitanareo, mpaminany iray i Abrahama, noho izany dia nahita fahitana izy.

...Aza matahotra, ry Abrahama: Izaho no ampinganao, sy...valim-pitia lehibe. (Jehovah-Manase, hitanareo.)

Ary hoy i Abrahama hoe, To-...hoy izy, Tompo ANDRIAMANITRA...(Mariho, sora-baventy T, "Tompo ANDRIAMANITRA." Elohim! Hitanareo?)...Tompo ANDRIAMANITRA...(tao amin'ilay fahitana)...inona no homenao ahy, nefa izaho tsy manan-janaka, ary ny mpitandrina ny tranoko dia ilay Eliezera avy any Damaskosy?

Ary hoy i Abrama hoe, Indro, izaho dia tsy nomenao taranaka: ary, indro, ny anankiray teraka ato an-tranoko no handova ahy.

Ary indro, tonga teo aminy ny tenin'ny TOMPO, nanao hoe, Tsy handova anao izany;...

Efa nanao teny fikasana iray ho azy, fantatrarao. Tsy... Hitanareo, tamin'izay fotoana izay mihitsy no nahadiso an'i Abrahama, saingy tsy misy fepetra ny teny fikasana; ilay fanekena, tsy nisy fepetra.

...fa izay hateraky ny kibonao manokana no handova anao. (Ary zato taona izy ankehitriny.)

Ary nitondra azy nivoaka tany ivelany izy, ka nanao hoe, Mijere ankehitriny mankany amin'ny lanitra, ary lazao ireo kintana, raha toa ianao ka afaka manisa azy ireo: dia hoy izy taminy hoe, Ho tahaka an'izany ny taranakao. (Lehilahy iray tsy nanan-janaka, ary zato taona ankehitriny.)

Ary nino ny TOMPO izy; ka izany dia nisaina ho fahamarinana ho azy.

Ary hoy izy taminy, Izaho no TOMPO izay nitondra anao nivoaka avy tany Ora, avy tany amin'ireo Kaldeana, mba hanome anao ny tany handovanao azy.

Ary hoy izy Taminy, To-...Tompo...na Tompo...ahoana no hahafantarako fa izaho no handova azy?

68 Ankehitriny henoy ity.

Dia hoy izy taminy, Itondray ombivavy iray telo taona aho, sy osivavy iray telo taona,... (diniho ireo telo ankehitriny, "telo taona")...sy

ondrilahy iray telo taona, sy domohina kely iray, ary zana-boromailala iray. (Samy havana iray ihany, samy zavatra iray ihany. Hitanareo, izany no tao amin'ny fanatitra taloha izay nanehoany mialoha an'i Jesosy.)

⁶⁹ Natao ilay fanekena...Fantatrareo, hoe ahoana no nanasarahany azy ireo, ary ahoana fa ity...

⁷⁰ Na tamin'ny andro fahiny, rehefa nitondra izy ireo... nanao fanekena iray, dia nalain'izy ireo sy nosoratany ny—ny fifanarahana. Ary namono biby iray, nitsangana teo anelanelan'izany; norovitina ho anankiroa ilay fanekena, olona iray no nandray ny ampahany anankiray...

⁷¹ Tahaka ny nataon'ny mpanasa lamba Sinoa fahiny. Ilay lehilahy Sinoa teto, tsy nahay nanoratra teny Anglisy izy, noho izany nosoratany teo ambony teo ary norovitiny ny singan-taratasy iray ka natolony anareo ny ampahany iray. Ary ianareo—ianareo mahatsiaro an'ireo mpanasa lamba Sinoa rehefa nanao an'izany izy ireo fahiny. Ary ianareo...ny—ny tapany roa an'izy ireo dia tsy maintsy nampitahaina, mba hahazoana ny akanjonareo. Hitanareo, tsy afaka niadaladala taminy ianareo, satria nanana an'ilay tapany hafa an'izany izy. Mety mamerina mandika ny anaranareo ianareo, saingy tsy afaka mandrovitra indray an'io taratasy io. Hitanareo? Noho izany, izy dia nanana...tsy maintsy silany mitovy an'ilay taratasy izany.

⁷² Toy izany koa no nanaovan'izy ireo azy tamin'ireo andron'ny Tatsinanana, ela...na efa ela be tamin'ny andron'ireo Tatsinanana. Namono biby iray izy ireo, nitsangana teo anelanelan'izany, norovitiny ilay ampahan'ny hoditr'osy, ny iray naka anankiray...Ary rehefa voamarina ilay fanekena, dia nentin'izy ireo miaraka ireo silany ary tsy maintsy nampitoviany marina tokoa.

⁷³ Ankehitriny, izao no anehoan'Andriamanitra azy eto, eo amin'ireo fanatitra ireo, dia miresaka ny amin'i Kristy; hoe ahoana no nitondran'Andriamanitra an'i Jesosy teo Kalvary ka nandrovitany Azy nisaraka, ka noraisiny ilay vatana nankany An-danitra ary nirahiny ilay Fanahy ho eo amintsika, ka ilay Fanahy iray ihany izay teo Aminy no tsy maintsy ho eo aminareo mba hitovy amin'ilay Vatana, mba ho Ampakarina amin'ny andro farany. Hitanareo? Hitanareo? Marina izany. Hitanareo? Tsy ho anaram-piangonana iray izany, ankehitriny. Izany dia ho ny Teny, izay naha-izy Azy. Hitanareo?

⁷⁴ Fa tahaka ny tsy maintsy hahatongavan'io Teny io amin'ny Teny, tahaka ny sela ao amin'ny tenan'ny olombelona. Fantatrareo, rehefa ny—niforona ny vatanareo, izany dia tsy hoe sela anankiray avy amin'ny olombelona, ny manaraka avy amin'ny alika iray, ary ny manaraka avy amin'ny kisoa iray. Oh, tsia, tsia. Selan'olombelona manontolo izany.

Tahaka an'izany ny Vatan'i Kristy, ny Tenin'Andriamanitra *manontolo*. Tsy hoe ampahan'Izany fotsiny, fombafomba anankiray nanampiana an'Izany; tsia, ny vatan'i Kristy *manontolo* Izany.

⁷⁵ Ankehitriny, mahita isika eto fa nampiasa domohina kely iray sy zana-boromailala iray izy, satria tena fianakaviana iray izy ireo. Ankehitriny, ianareo isan'andro. . .

⁷⁶ Noho izany mariho (Mitodika amin'ireto Soratra vitsivitsy ireto aho) Levitikosy 12, ary ny andininy faha-6. Hitantsika eto fa ny lalàna amin'ny fanadiovana ny vehivavy; raha nahazo zazakely iray ny vehivavy, dia tsy maintsy miandry izy. Raha zazalahy izany, dia tsy maintsy niandry mandritry ny telo amby telopolo andro izy alohan'ny hahafahany miditra ao amin'ny fiangonana miaraka amin'ireo voromailala, ho fanadiovana. Raha nahazo zazavavy iray izy, dia tsy maintsy niandry enina amby sivifolo andro alohan'ny hahafahany miditra ao amin'ny fiangonana.

⁷⁷ Ankehitriny dia mahita isika eto, ny andininy faha-6.

Ary raha tanteraka ny andro fanadiovana azy, ny amin'ny zanakalahy iray, na ny amin'ny zanakavavy iray, dia hitondra zanak'ondry herintaona iray izy ho fanatitra dorana, ary zana-boromailala iray, na domohina kely iray, ho an'ny fanatitra nohon'ny fahotana, eo am-baravarany ny tabernakelin'ny fiangonana, ho eo amin'ny mpisorona:

⁷⁸ Hitanareo, tsy mbola afaka miditra izy satria tsy mbola tapitra ireo androny, saingy izy dia afaka manome an'io ho an'ilay—ilay mpisorona eo am-baravarana, ho an'ny fanatiny. Hitanareo, na domohina kely iray na zana-boromailala iray. Fianakaviana iray ihany izy roa.

⁷⁹ Ankehitriny izany—ankehitriny izany no nampiasaina ho an'ny fanaovam-panavotana, ary tao amin'ny fanaovam-panavotana ho an'ny fahotana, dia voromailala anankiray. Na an'ny habokana, izay tandindon'ny fahotana, dia nitondra voromailala roa ianareo: tapahina ny lohan'ny anankiray, ampifamadihana dia mandefa ny rà eo amin'ilay iray hafa; ary alefa ilay voromailala iray hafa avy eo. Ary rehefa nanidina ilay voromailala, dia manondraka ny tany amin'ny ran'ny namany izy, ary ilay rà no miantsoantso an'Andriamanitra hoe, “Masina! Masina! Masina ny Tompo Andriamanitra!”

⁸⁰ Tsy afaka mahita an'ilay Namana maty ve ianareo, Jesosy Kristy? Izay novonoina ka nafafy teo amintsika, mba hahatonga antsika ho afaka, hiantsoantso hoe “Masina! Masina! Masina! ho an'ny Tompo.” Tandindona mahafinaritra toy ny inona. Maniry ny hanana feo anankiray aho.

⁸¹ Ankehitriny ny tandindon'ilay Fanahy Masina lehibe arak'izay vao avy novakiantsika tao amin'ny Apokalypsy 3:16; izay nampiasain'Andriamanitra ho famantarana, dia io voromailala io.

⁸² Nomena famantarana iray i Noa, araka ny vao avy nihiran'ilay rahalahy mikasika an'izany. Tsy faly Andriamanitra, ary tsy nisy na inona na inona nampijanona ny Fahatezerany, satria hoy Izy hoe, "Amin'ny andro hihinananareo an'izany, dia ho faty ianareo amin'izany andro izany." Ary nahita fitia tamin'Andriamanitra i Noa ka nanamboatra sambofiara iray arak'ireo fandrafetana... ireo toro-marika, raha ny marina, izay Nomeny azy. Ary nitsingevana izy.

⁸³ Azoko eritreretina ny...izay nitranga tamin'ireo andro ireo izay nilazan'izy ireo hoe, "Io lehilahy antitra eny ambonin'ny havoana io, fanatika antitra iray, izay manamboatra sambofiara iray, ka milaza fa 'ho avy ny orana,' nefa tsy nanorana mihitsy ny andro." Fa izany...

⁸⁴ Hoy i Noa hoe, "Ho avy ny orana, na ahoana na ahoana."

⁸⁵ Ary fantatro ilay andro izay nidirany avy eo, mieritreritra aho hoe inona...tsy azoko eritreretina hoe inona ilay andro, mino aho fa ny andro fahafito ambin'ny folon'ny Mey. Niditra tao amin'ilay sambofiara i Noa, dia nakaton'Andriamanitra ny varavarana.

⁸⁶ Ary nanomboka tonga ireo rahona, nanomboka nilatsaka ny orana, nanomboka feno ireo lakan-drano, vaky ireo fantsakana lalina, nandò ny ranony rehetra ireo loharano. Farany dia niditra tao an-trano ny olona, nihanika. Nipetraka tsara teo fotsiny tahaka an'izany ilay sambofiara antitra.

⁸⁷ Afaka kelikely nanomboka betsaka ny nanodidina azy, dia nanomboka niakatra avo kokoa sy avo kokoa izy. Nandondona teo amin'ny varavarana ny olona ary nikiakiaka, saingy izany dia tsy—tsy nahavita soa, tsy afaka nanokatra an'ilay varavarana i Noa. Andriamanitra no nanidy azy, Andriamanitra irery ihany no Anankiray izay afaka hamoha azy.

⁸⁸ Toy izany koa ny Sambofiarantsika, Jesosy Kristy; nanokatra ny varavarana ho antsika Andriamanitra teo Kalvary, Izy no hanidy an'izany azo antoka mihitsy tahaka ny Nanokafany azy.

⁸⁹ Ary nitsingevana izy, dia nanohy sy nanohy, angamba maily iray ny halaliny avy teo an-tampon'ny tany rehefa niala tamin'ny lalana ity tany ity...avy teo amin'ny—ny... ny fihodinany mahazatra. Ary nandeha nihodikondina sy nihodinkodina izy, ary tapa-javatra, sy ireo hazo, ary teo ambonin'ireo tendrombohitra sy ny sisa, nihilangilana nandritry ny efapolo andro sy alina.

⁹⁰ Ary rehefa nanomboka nitsahatra ireo rivotra...

⁹¹ Mampahatahotra ny fahatezeran'Andriamanitra. Madio sy Masina ny Fitiavany; ary ny Fahatezerany dia tena Masina—tena Masina tahaka ny Fitiavany, satria, tsy maintsy manao fitsarana Izy satria mpitsara iray Izy. Mpanao lalàna iray Izy, ary ny lalàna tsy misy sazy dia tsy lalàna. Noho izany tsy maintsy misy sazy iray amin'ny lalàna. Ary raha mandika an'ireo lalàn'Andriamanitra ianareo, amin'izay ianareo no mandoa an'ilay sazy.

⁹² Ankehitriny mahamarika isika fa taorian'ny nitsingevanan'i Noa tany, tsy isalasalana fa nisy ny maloiloiloin-dranomasina avy tamin'io firohondrohana sy fifandonana rehetra io, ary ny fahatezeran'Andriamanitra dia nanorotoro sy nanamontsana, ary ireo hiakiaka sy ny sisa. Nanomboka nilamina ilay izy avy eo, tsy nisy na inona na inona nitranga. Lasa ireo andro, tsy nisy na inona na inona nitranga. Angamba niha-nihena ireo tahirin-tsakafo ho an'ny biby sy ny sisa, tsy nisy na inona na inona nitranga. Noho izany dia nieritreritra izy hoe, “Manontany. . . Tsy afaka mahita ny any ivelany aho.”

⁹³ Ilay sambofiara dia tena namboarina (rehefa vantany vao tao anatin'ny ianareo), varavarankely anankiray fotsiny no tao anatin'ny, ary teo amin'ilay tampony mihitsy izany. Tsy afaka mijery ny aty amin'ny sisiny ianareo, tsy afaka mijery afa-tsy mahitsy ambony. Ary ilay Sambofiara, Jesosy Kristy, dia tahaka an'izany. Tsy afaka mijery an'ilay olona eo akaiky ianareo, tsy afaka mijery na inona na inona afa-tsy Kristy ianareo rehefa ao anatin'ilay Sambofiara satria varavarana iray ihany no misy, ary Izy io Varavarana izay resahantsika izao maraina izao io. Tsy maintsy manohy mijery ambony ianareo hoe, “Fa izay hametraka ny tanany eo amin'ny angadin'omby ka miherika any aoriana, dia tsy mendrika an'ilay asa-tany.”

⁹⁴ Ankehitriny, tahaka ny tao anatin'io sambofiara io. . . Fa afaka nahita hazavana izy, ary angamba ny tara-masoandro, saingy nanontany izy hoe taiza izy. Mbola nitsingevana foana ilay sambofiara, afaka nandre ny onja nikapoka an'ireo sisiny izy, saingy fantany fa efa nisy andro maro, azo antoka fa nihena ny rano tamin'io fotoana io. Noho izany nandeha izy ary naka vorona tsy mahatoky iray, mpamadika, ary nizaha toetra *azy*, ka nandefa azy tany ivelany. Goaika iray izy, ary tsy niverina intsony io goaika io, satria nahita fahafinaretana tany ivelany tany izy, tany ivelan'ilay sambofiaran'Andriamanitra. Nanidina avy teo amin'ny vatana ratsy maty anankiray izy nankeo amin'ny iray hafa, nihinana an'ireo vatana sy ny fatim-biby izay nitsingevana teo ambonin'ny rano; ary afa-po tanteraka izy.

⁹⁵ Noho izany nanandrana indray izy afaka andro maromaro, satria fantany. . . Tsy te-hivoaka tao anatin'ny fahatezeran'Andriamanitra izy. Noho izany nandefa voromailala iray izy. Ary io voromailala io dia natiora hafa

noho ilay...Tsy voltora iray izy, ary tsy mpitsindroka iray koa, zavatra madio mangarangarana ihany no azony hanina. Ary tena afa-po izy satria tsy nahita na inona na inona hafa hametrahana ny fela-tongony izy, niverina tao amin'ilay sambofiara izy. Hoy i Noa hoe, "Eny, mbola mitohy foana ilay safo-drano."

⁹⁶ Niandry andro hafa maromaro izy avy eo, ka nandefa azy indray; tiako ny fivavahany hoe, "O Andriamanitra, efa nitony ve ny Fahatezeranao? Efa—efa—efa lasa ve ny Fahatezeranao, Tompo? Vita daholo ve izy rehetra?" Ary hoy izy hoe, "Ankehitriny, raha handefa azy hivoaka aho amin'izao fotoana izao, dia mety hijanona any izy raha ambany ireo tondra-drano, mety hijanona izy." Fa nalefany nivoaka tamin'ny alàlan'ny vavaka izy, ary avy eo rehefa nandeha tany notarihan'Andriamanitra, dia naka ravin'oliva iray avy tamin'ny hazo, ary nanidina niverina ka nitsaingotsaingoka teo amin'ilay varavarankely indray.

⁹⁷ Nampiasa voromailala Andriamanitra ho famantarana iray. Niverina indray izy ka nanao hoe "tapitra ny tondra-drano," ary tamin'izay fotoana izay no nosokafan'Andriamanitra ilay varavarana, dia nivoaka izy ireo. Genesis 8:8 izany.

⁹⁸ Nampiasaina ihany koa izy ao amin'ny Matio 3:16, rehefa teto ambonin'ny tany indray ny fahatezeran'Andriamanitra. Ary tsy nisy fomba, tamin'ny maizina indrindra amin'ny alina, misasak'alina, nanao an'ireo zavatra tao anatin'ny fiolanolanana loatra ny fiangonana hany ka tsy nisy fomba nivoahana tamin'izany. Ary nisy an'ireo mpampianatra sandoka, ireo karazan-javatra rehetra izay nipoitra, nipoitra ireo karazana fanambarana rehetra, saingy nampiasa voromailala iray indray Andriamanitra. Nahafaly Azy izany, tena nahafaly Azy tokoa Ny Zanany Jesosy, ka Notondroiny Izy.

⁹⁹ Ankehitriny, tsy nety nino an'io zazakely izay teraka tao an-tranon'omby tao anatin'ny fihinanam-bilona io izy ireo... talohan'ny Rainy sy ny reniny, noheverina ho izany, hivady. Tsy azon'izy ireo noeritreretina fa mampiasa zavatra tahaka an'izany Andriamanitra. Noho izany dia tsy maintsy voatondro Izy ho an'izao tontolo izao; ary tamin'io andro io teo amin'ilay renirano, rehefa nidina Izy mba hanapororofo ny Tenany ho Sangan'asan'Andriamanitra (izay noresahako aninkeo maraina)...Rehefa nankatò ny handeha tao anaty rano Izy...

¹⁰⁰ Ankehitriny, raha voamarikareo eo, dia misy lesona lehibe iray eo. Jaona no lehilahy lehibe indrindra teto an-tany, tamin'io fotoana io. Hoy Jesosy hoe, "Tsy nisy mihitsy lehilahy natara-behivavy lehibe noho izy," tamin'izany fotoana izany. Ary mpaminany iray izy. Mino an'izany ve ianareo? Ankehitriny, tsarovy, raha ho tonga amin'ny

zavatra anankiray eto an-tany ny Tenin'Andriamanitra, dia ho amin'ny mpaminany iray izany. Izany foana no fomban'Andriamanitra. Mino ve ianareo fa Jesosy no Teny voaseho tao amin'ny nofo? Noho izany dia fomba anankiray ihany no Ahafahany ho tonga mba ho voatolotra; tsy amin'ny alàlan'ireo mpisorona.

¹⁰¹ Tsy nandeha Izy ka nanao hoe, “Ry Kaiafa, hanolotra Ahy ve ianao?” Raha nanao Izy, dia nanao an'ilay fahadisoana iray ihany izay nataon'i Davida tao amin'ny lesontsika indray andro; hitanareo, raha nandeha tany amin'ny fiangonana Izy, ka nanao hoe, “Hanolotra Ahy ve ianareo?”

¹⁰² Mariho fotsiny rehefa teraka Izy, aza. Rehefa teraka Izy, dia teraka tao amin'ny aloky ny fiangonana Izy. Ary nampaneno an'ireo lakolosy sy ny sisa angamba izy ireo, saingy ireo mpiandry ondry no nahalala Azy, sy ny Magy. Hitanareo?

¹⁰³ Ary indro Izy ankehitriny, eo...vonona ho an'ny Asam-panompoany. Ary raha Izy no Teny...

¹⁰⁴ Araka ny drafitra lehibe an'Andriamanitra, ny Teny dia afaka fotsiny ihany... “Tsy manao na inona na inona ny Tompo Andriamanitra raha tsy manambara an'Izany amin'ny mpaminany Mpanompony aloha Izy.” Izany foana no Modeliny, tsy maintsy izany; rehefa nisokatra ireo Tombokase, rehefa ny zavatra hafa rehetra. Ny zava-mitranga lehibe rehetra miseho eto an-tany, dia ambaran'Andriamanitra amin'ny Mpaminaniny izany.

¹⁰⁵ Ary Jaona ilay mpaminany, satria izy no naminany fa “Ho avy Izy.”

¹⁰⁶ Avy eo teo amin'ny sisiny ambanin'ny havoana iray indray andro...rehefa nandeha ny adi-hevitra, dia nitsangana nanodidina ny andiana mpisorona. Ary hoy izy ireo hoe, “Te-hilaza amiko ve ianao fa ianao dia miantso ny tenanao ho ‘mpaminany,’ nefa mitsangana ao anatin'io fotaka io?” (tsy tao anatin'ny fiangonana iray, satria tsy nandray azy izy ireo) “Mitsangana ao amin'io fotaka io ve, dia miteny amiko fa ho tonga ny ora ka ilay Jehovah lehibe Izy nandidy an'ireto fanatitra ireto, ary Jehovah lehibe Izy nanorina an'ity tempoly ity, Izay niditra tao anatin'ny tahaka ny Andry Afo iray nanao hoe, ‘ho avy ny andro izay hanesorana an'io fanatitra isan'andro io?’”

¹⁰⁷ Hoy izy hoe, “Ho tonga ny Lehilahy iray, ary eo anivonareo Izy ankehitriny (any ho any eto), ary Izy no hanaisotra ny fahotana.” Niady hevitra taminy an'izany ilay mpisorona.

¹⁰⁸ Niandrandra i Jaona! Ankehitriny, inona izy? Ilay mpaminany! Ary indro ny Teny, tonga teo avy hatrany nanatona an'ilay mpaminany ny Teny, nankeo amin'ny rano avy hatrany. Hoy Jaona hoe, “Indro, ny Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao. Io Izy, Izy izany.” Tsy miteny teny anankiray mihitsy Jesosy, nandeha avy hatrany tao

anaty rano. Ary toa hitako teo, nitsangana tao anatin'io rano io (eritrereto ny tantara an-tsehatra iray), anankiroa tamin'ny lehibe indrindra izay nitsidika ny tany: Andriamanitra ilay Teny, ary ny Mpaminaniny.

¹⁰⁹ Mariho, tonga tamin'ny mpaminany tamin'io fizaram-potoan'ny fahasoavana io ny Teny, tao anaty rano (ah-hah). Heveriko fa azonareo ilay izy (ah-hah). Tao anaty rano! Ny fanambarana voalohany an'ny Teny dia tao anaty rano. Hitanareo ve ankehitriny hoe taiza no nanomboka ny Ampakarina, ilay Hafatry ny hazavan'ny Hariva? Tao anaty rano! Ny Teny, tsy nifangaro tamin'ny fanequem-pinoana ny Teny marina, fa tonga tamin'ny mpaminany tao anaty rano, tamin'ny alàlan'ny rano.

¹¹⁰ Mariho! Azonareo eritreretina ve fa ireo mason'ny Teny sy ireo mason'ny mpaminany dia mihaona ao anaty rano? Oh, tsy tantiko izany. Nitsangana teo ilay mpaminany, nitsangana teo ny Teny, nifampijery maso. Ary hoy ilay mpaminany hoe, "Izaho no mila Ataonao batisa, koa nahoana ianao no mankaty amiko?"

¹¹¹ Ary hoy ny Teny... Tokony ho marina izany.

Ankehitriny mamela ahy hanome tantara an-tsehatra iray eto:

¹¹² "Ry Jaona, mpaminany iray ianao, fantatrao ny Teny." Hitanareo? "Mahalala Ahy ianao, fantatrao hoe Iza Aho."

¹¹³ "Izaho no mila Ataonao batisa," hoy i Jaona.

¹¹⁴ Hoy Jesosy hoe, "Ekeo ihany. Marina tokoa izany, ianao no mila Ataoko batisa. Saingy tsarovy, ry Jaona, amin'ny maha-mpaminany iray, dia izao no mety amintsika, na ataontsika (amin'ny maha-Teny sy ny mpaminany), mba hahatanteraka ny Teny *rehetra*. Ah-hah. Satria, ry Jaona," (indro ilay fanambarana ankehitriny) "ry Jaona, fantatrao hoe Iza Aho, Izaho ilay Fanatitra. Ary araka ny Tenin'Andriamanitra, dia tsy maintsy sasana ny fanatitra alohan'ny hanolorana azy ho fanatitra." Marina ve izany? Ny Teny... "Nosasana ny zanak'ondry ary avy eo vao natolotra ho fanatitra, ary Izaho io Zanak'ondry io. Ary tsy maintsy sasana Aho alohan'ny Ahafahako ho voatolotra an'izao tontolo izao ho fanatitra iray. Ekeo ihany, ry Jaona, fa izao no ataontsika amin'ny maha-Teny sy ny mpaminany tafaraka."

¹¹⁵ Eny, tsy afaka ny hisy fahadisoana iray eo. Ankehitriny, ny tsirairay avy amin'ireo zavatra ireo...

¹¹⁶ Ankehitriny, hitanareo, raha tsy izany no tena voalahatra, dia ho tahaka ny sisa amintsika rehetra ihany i Jaona; noho izany hoy izy ireo hoe, "Hia, izaho—izaho mahafantatra hoe iza ianao, Tompo."

¹¹⁷ "Eny," hoy Izy, "andraso iray minitra, Izaho no Teny. Ah-hah. "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny Teny

rehetra. Nanajanona anankiray i Eva ah-hah, fa ianao dia tsy maintsy mandray ny Teny *rehetra*. Ary Izaho io Fanatitra io, ka tsy maintsy sasana Aho alohan'ny hanolorana Ahy. Fa izay nolazainao, ry Jaona, dia marina.”

¹¹⁸ Jaona amin'ny maha-mpaminany iray, nahafantatra fa tsy maintsy tanteraka ny Teny, dia nanaiky an'izany ary nanao batisa Azy. Ary rehefa nivoaka avy tao anaty rano Izy, dia indro tonga ny Hafatra avy tany An-danitra teo ambonin'ny elatry ny Voromailala iray hoe, “Ity no Zanako Malalako.” Nandefa ny Hafatry ny fahasoavana ho an'ny fanavotana Izy teo ambonin'ny elatry ny Voromailala iray, tonga nanidina avy tany an-danitra. “Fiadanana ety ambonin'ny tany, ho an'ny olona ankasitrahana.” Vonona mihitsy ilay Fanatitra tamin'izay fotoana izay; notezaina, nofahanana, vonona ny Asam-panompoany, Teny iray izay hanavotra an'izao tontolo rehetra izao hoe, “Vita ilay izy!”

¹¹⁹ Nampiasaina ao amin'ny Baiboly ho mari-pamantarana iray an'ny fiadanana ny voromailala, ary ampiasain'ny firenena ho mari-pamantarana iray an'ny fiadanana ihany koa izany. Isika dia manana firenena . . . Voaseho amin'ny alàlan'ny voromahery iray ny firenentsika. Ary misy vorona hafa ho an'ireo firenena hafa, manana voromahery iray i Roma, manana voromahery iray i Alemaina; maro amin'izy ireo, ireo vorona lehibe eny amin'ny lanitra. Fa amin'izy rehetra ireo, dia ny voromailala no mari-pamantaran'ny fiadanana amin'ny firenena rehetra. Zavatra iray iraisam-pirenena izany.

¹²⁰ Tahaka ny nolazain-dRahalahy Green indray hariva fotsiny, hoy Rahalahy Pearry Green hoe, “Ny mari-pamantaran'ny fanoloran-tena dia ny ‘atsangano ny tãanareo.’ Ny firenena rehetra, atsangano ny tãanareo, fanoloran-tena izany.” Hoy izy hoe, “Rehefa mihira ianareo, dia atsangano ny tãanareo, manolotra azy manontolo ianareo.”

¹²¹ Ary ny voromailala no mari-pamantaran'ny fiadanana ao amin'ny firenena rehetra. Nahoana izy no natao an'izany? Nohon'ny fahamoram-panahiny, sy nohon'ny fahadiovany. Izany no antony anaovany ny mari-pamantaran'ny fiadanana.

¹²² Zavatra hafa anankiray mikasika ny voromailala, izy dia vorona iray tia trano. Tiany ny mijanona an-trano.

¹²³ Ary zavatra hafa anankiray aminy koa, mahatoky amin'ny vadiny izy. Ny voromailala, lahy na vavy, dia tsy mifandao mihitsy. Mahita ny vadiny amin'ny vanim-potoan'ny hivadiana io vavy io. Hitanareo, teny fankasitrahana ho an'ny famoronana lehibe an'Andriamanitra izany. Izany no antony Nanaovany an'i Eva ho vokatra notsoahina. Hitanareo? Raha natao tahaka ny vavy hafa izy, rehefa tonga ny fotoan'ny fivadiany, dia ho nahita ny vadiny izy; saingy afaka tamin'ny fotoana rehetra izy. Hitanareo? Ary izany ilay fomba, izany

ilay izy. Izaho fotsiny...Tsy te-hiditra amin'io isika, satria efa manana an'izany aho eo amin'ny *Fanambadiana Sy Fisaraham-Panambadiana*, sy ny sisa. Ary ahoana ilay izy... Kanefa dia mendri-kaja sy nitondra an'io fahatsaran-toetra io izy, ary fantatrarao hoe ahoana no nitoriako teo amin'izany indray hariva. Eny àry, mariho, manana andraikitra lehibe izy.

124 Fa mahatoky isan'andro amin'ny vadiny ny voromailala. Isan'andro! Tsy mandao azy mihitsy.

125 Ary afaka mijanona eto mandritry ny iray minitra fotsiny ve aho, hilaza an'izao: ny Ampakarina marina iray, voromailala vavy, dia mahatoky amin'ny Vadiny, ihany koa. Tsy hanatsofoka dogma izy, foto-pampianarana ara-anaram-piangonana, na inona na inona avy amin'izao tontolo izao. Izy dia hijanona ho mahatoky amin'ny Vadiny, ny Teny; mahatoky isan'andro.

126 Ary noho io fitondran-tena tia trano io, noho ilay fitondran-tena an'ny fitiavany trano io, dia nahomby ny fampiasana azy tamin'ny domohina faniraka. Satria tia trano izy, avotsotraro na aiza aiza izy, fa hiverina hody foana. Hiverina hody izy.

127 Te-hanisy tsindrim-peo eo amin'izay vetivety isika, dia ho azonareo Kristiana izay tiako ho lazaina. Mahita ny lalany mody foana izy, noho izany nampiasaina ho domohina faniraka. Nampiasaina tamin'ny fotoan'ny ady izy, fahiny; mbola mampiasa azy izy ireo, ireo domohina faniraka mba hitondra hafatra iray. Noho izany hitanareo àry, fa izany no manao ny voromailala, sady amin'Andriamanitra no amin'ny olona, ho iraka iray; iraka iray ny voromailala. Iraka iray izy ho an'i Noa, mba hiteny amin'i Noa fa "misy fiadanana indray." Nampiasain'Andriamanitra izy mba hanamarina fa io No Zanany, "ilay Fanatitra mba hitondra fiadanana ety ambonin'ny tany sy ho an'ny olona ankasitrahana." Nampiasaina ho iraka iray izy.

128 Eto dia manana tantara kely iray mihitsy aho ato an-tsaiko, namaky avy tao amin'ny boky iray aho indray mandeha. Ankehitriny, tsy te-hilaza aho fa azo antoka izao, mety ho tao amin'ny *The Decline of the First World War* izany. Tsy azoko antoka ny amin'izany ankehitriny; raha tsy izay no ahitanareo azy, dia diso aho amin'izay fotoana izay. Na novakiako izany tao amin'ny boky iray...efa taona maro lasa izany. Fa ilay izy tokoa dia ny—ny...tena za—zavatra mampivarahontsana izay nitranga.

129 Noteren'ny basy maro-vava Alemandy ireo miaramila Amerikana, ary tao anatin'ny karazana tevana iray izy ireo. Ianareo miaramila, heveriko, dia mahazo hoe ahoana izy ireo teo amin'ny fisafoana iray tany ho any. Fa voatery izy ireo, ary bala kely fotsiny sisa no nananany. Ary nandroso tao amin'ny antoko

lehibe ireo Alemandy, nandroso hatraiza hatraiza. Ary fantany fa raha tsy nahazo fanamafisana iray izy ireo, fanampiana iray, dia ho faty tsy ho ela izy rehetra; (tsy maintsy nila izy ireo) nidina mihitsy avy teny an-tendrombohitra ireo Alemandy, nijery mihitsy ny tendan'izy ireo, nandeha avy hatrany teo aminy tahaka an'izany.

¹³⁰ Ary sendra nahatsiaro ny iray tamin'izy ireo fa nanana biby kely iray izy, domohina kely iray. Noho izany fantany fa io domohina io, raha afaka ho tafavoaka teo izy, dia hitondra ny hafatra any amin'ireo foibe any am-potony any amin'izay nitoeran'izy ireo. Ary noho izany dia nipetraka izy ireo ary nanoratra naoty iray hoe, “Voatery izahay ao amin'ny toerana *izao* ao amin'ny faritra *izao*. Lany bala izahay, tsy maintsy hitolo-batana na ho vonoina ao anatin'ny ora vitsy izahay.” Dia napetak'izy ireo izany, na nafatony teo amin'ny—ny tongotr'io voromailala kely io ary navotsony izy.

¹³¹ Ankehitriny, vorona tia trano izy, noho izany izy... inona no ataony? Mandeha miverina mody izy ho an'ny... hihaona, hahita ny vadiny. Nanahy ny aminy izy, tsy maintsy niverina nody izy.

¹³² Ary rehefa niakatra izy, dia hitan'ireo Alemandy izay nitranga. Noho izany ny zavatra nataon'izy ireo, dia nanomboka nitifitra an'ilay voromailala. Ary ny anankiray tamin'izy ireo no nahavao azy tamin'ny basy maro-vava kalibra.³⁰, na bala, nanapaka ny tongony izany. Ny iray hafa nanendaka ampahany goavana iray avy tao amin'ny lamosiny. Naratra tanteraka nisaratsaraka ny tratrany. Tapaka ny iray tamin'ireo elany, niala ny tendrony, ary nanidina nihorirana izy. Fa nanohy nihanika izy, ary farany dia vitany izany. Tapaka, naratra, potika, torotoro, saingy nilatsaka tao amin'ny toby niaraka tamin'ilay hafatra izy. Izany no voromailala malaza iray.

¹³³ Fa, oh, rahalahy, Isaia 53 no miteny Anankiray amintsika, nidina avy tany an-Trano sy ny rehetra izay tsara.

Ary izy dia voalefona nohon'ny fahadisoantsika, notorotoroina izy nohon'ny helotsika: ny fampijaliana ho an'ny fiadanantsika dia teo aminy; ary ny dian-kapony no efa nahasitrana antsika.

¹³⁴ Aretina, finoanoam-poana, ary ireo devoly dia nanery antsika, tsy nisy lalana nivoahana, nianiasia ny fiangonana, very tao amin'ireo zavatra ara-anaram-piangonana izy ireo (sy ireo Fariseo, Sadoseo, ary ny fanasana an'ireo vilany sy lovia), ka lasa tsy nisy fiantraikany ny Tenin'Andriamanitra. Fa nidina io Voromailala kely io, ary zavatra iray ihany no afaka niseho: tsy maintsy nisy mpanavotra iray teo.

¹³⁵ Fa satria naratra, potika, nokapohina, norovitina, saingy nahafantatra ny Lalany miverina any an-Trano Izy.

Noho izany avy teo amin'ny hazo fijalian'i Kalvary izay nanorotoroin'izy ireo Azy, namotipotrehany Azy, nandrovitany Azy, toy ny hoe andiana ambodia no teo Aminy, nanao ny Fanidinany avy teo Kalvary Izy ary nipetraka teo amin'ny varavaran'ny Lanitra Izy, nanao hoe, "Vita ilay izy! Vita ilay izy! Afaka izy ireo! Azo sitranina ny aretina ankehitriny! Azo vonjena ireo mpanota! Azo alefa ny babo!"

¹³⁶ Na notorotoroina sy voalefona aza Izy, io ady lehibe teo io rehefa ny zavatra rehetra mihitsy aza no nanohitra Azy... Na ilay poety aza dia niantsoantso hoe:

Teo afovoan'ireo vatolampy nitresaka sy ireo
lanitra niha-maizina,
No nanondrika ny Lohany ny Mpamonjiko
ary maty;
Fa ny fanokafana ny voaly no nanambara ny
làlana
Mankany amin'ny fifalian'ny Lanitra sy
andro tsy manam-pahataperana.

¹³⁷ Efa narary hozatra nandritry ny fiainako rehetra aho. Raha mbola zazalahy kely iray dia nisy zavatra namely ahy, izay nampahatahotra ahy, saiky isaky ny fito taona no nitranga tamiko foana ilay izy. Rahalahy Jack dia mahatsiaro rehefa nanomboka voalohany aho, niala teny amin'ny saha nandritry ny herintaona; nisy zavatra nitranga fotsiny.

¹³⁸ Tsaroako ilay andro izay Juanita Hemphill... Heveriko fa Juanita Kelly no anarany ankehitriny, nanambady an-dRahalahy Kelly izy taorian'ny fahafatesan'ny vadiny. Anna Jeanne, manana ny sarin'izy ireo sy ny sisa aho, izy ireo dia tena... Ary ny... Ary ireo zazavavy roa ireo sy Ranabavy Moore dia nanana ny—ny fampiaraham-peo telo. Nihira an'ilay hira izay tsy hadinoko mihitsy izy ireo hoe: *Mijery Any Ankoatry Ny Filentehan'Ny Masoandro*. Rahalahy Jack, tsaroanao, heveriko, avy tany Florida. Zazavavy kely mahafinaritra toy ny inona.

¹³⁹ Ary tsaroako tamin'io maraina io ny vondrona Pentekotista kely iray avy eto amin'ny ampahany avaratry ny firenena eto, any Michigan any ho any, nitsangana teo ireo zazavavy ireo rehefa i Rahalahy Hooper... Nahita azy aho teto indray hariva, izaho... mety tsy eto izy ankehitriny, Rahalahy Ed Hooper. Eto ve ianao, Rahalahy Ed? Tsy mihevitra aho hoe izy... Nipetraka teto izy indray hariva. Tsy misy... Maro aminareo no mahafantatra azy. Izaho sy izy, ary Rahalahy Hooley, lasa izahay. Ary nitsangana teo amin'ny zoron-trano teo ireo zazavavy ireo nihira an'izany, nanome anay, ny tsirairay avy, raozy mavo izay nalainy avy teo amin'ny volony. (Izany dia tamin'ny nahasitrana an'ilay adala teo, zavatra lehibe no niseho.)

¹⁴⁰ Nandeha teny an-dàlana aho faly fotsiny arak'izay tratrako, tampoka teo dia namely ahy ilay izy; herintaona taty aoriana talohan'ny nidirako teo amin'ny saha indray, dia namono ahy mihitsy.

¹⁴¹ Hatramin'ny naha-zazalahy kely ahy, dia nilaza foana aho fa tsy fantatro hoe inona ny fahitana. Zazalahy kely iray, nilaza foana aho hoe, “Raha izaho—raha mba afaka miditra ao anatin'ny iray amin'ireo tsy fahatsiarovan-tena ireo aho, ka mahita an'izany, dia ho salama aho.” Tamin'izany fotoana izany... Te-handeha tany amin-dry Mayo foana aho mba hahita hoe inona no tsy mety. Ireo dokotera tany. . .

¹⁴² Lasa marikivy ny vavoniko; ary oh, oadray! Rahalahy Jack no nanampy ahy nanodidina ny trano. Nandeha nanodidina ny trano fotsiny aho; ary toy ny rano mafana misy menaka mihitsy, no nivoaka tamin'ny vavako. Ary nandeha teo amin'ny polipitra aho, ka nivavaka ho an'ny olona izay indroa ratsy lavitra noho izany, nefa sitrana. Nasaiko napetrak'izy ireo teo amin'ny lehilahy iray tratry ny homamiadana teo amin'ny tarehiny ny tànako, dia niala tamin'ny tarehiny ilay homamiadana, nitsangana teo; ary tena narary aho ka tsy afaka nitsangana.

¹⁴³ Ary tsy fantatrareo hoe inona no ijaliako; fahorian-tsaina fotsiny. Isaky ny fito taona dia tonga ilay izy, nandritry ny fiainako rehetra. Eo amin'izany no misy ahy ankehitriny, fito im-balo.

¹⁴⁴ Noho izany aho dia—tena ory aho; nitomany aho, nangataka aho, niangavy aho.

¹⁴⁵ Ary tsaroako fa rehefa nieritreritra aho tamin'ny farany fa nanana vola ampy handehanana any amin-dry Mayo ho an'ny fitiliana iray; dia hoy izy ireo hoe, “Ho hitan'izy ireo hoe inona ny aretinao.” Izaho sy ny vadiko, ary Becky iry aoriana iry. . . I Sarah dia mbola zaza kely, bitika. Vao avy niditra tao amin'ny asam-panompoako an'ny fanasitranana aho. Ary nandeha tany amin-dry Mayo izahay.

¹⁴⁶ Nandalo tao amin'ilay toeram-pitsaboana aho. Fa ny hariva talohan'ny nahitako... nahazoako ny ahy farany ny ampitso maraina, dia nifoha aho ary nipetraka teo am-pandriana nijery manodidina. Ary nijery ny teo anoloako aho, ka nisy zazalahy kely iray, nitovy tamiko mihitsy, teo amin'ny fito taona teo; nijery azy, ary ilay izy *dia* izaho. Ary nitsangana teo akaikin'ny vodi-hazo tranainy iray izy. Fa teo amin'io hazo io. . .

¹⁴⁷ Ianareo mpihaza vontsira rehetra dia mahafantatra fa afaka mikiky amin'ny tapa-kazo iray ambony sy ambany eo amin'ny hazo iray tahaka an'izany ianareo, ka hampahatahotra vontsira iray izany dia hampivoaka azy avy ao raha ao anatin'ilay lempona izy.

148 Ary nojereko teo hoe taiza no nisy an'io vontsira io, dia nieritreritra aho hoe, “Karazana vontsira inona io?” dia nokikisako ilay izy. Ary rehefa nikiky aho, dia nandinika ka izaho teo amin'ny valo amby telopolo taona teo ilay izy tamin'izay fotoana izay, lasa ilay zazalahy kely. Noho izany nokikisako io rantsan-kazo io, ary avy tao amin'ilay vatan-kazo lempona, boribory, no nivoaka ny vontsira kely iray saiky tahaka an'izao ny halavany, maintimainty, saiky mainty, ary toy ny hoe nisy herim-baratra kely nivoaka avy taminy; ireo maso kely toy ny vakana, ilay zavatra ratsy fanahy indrindra izay hany hitako, toy ny biby iray mpihinana nofo fa tsy vontsira iray.

149 Ary nijery ahy mihitsy izy. Fa nosokafako ny vavako mba hiteny hoe, “Eny...” Ary rehefa nanao aho, izy... Alohan'ny hahafahanareo manakimpy ny masonareo, dia niditra avy hatrany tao anatin'ny vavako izy, nidina tao amin'ny vavoniko, ary nandrovitra ahy ho potipotika mihitsy. Ary rehefa nivoaka avy tao amin'ilay fahitana aho, niaraka tamin'ny tanako nitsangana, nijery, dia lasa nikiakiaka aho hoe, “O Andriamanitra, mamindrà fo! Hamono ahy izany!”

150 Nandre Feo iray aho tao amin'ny faran'ilay efitra, nanao hoe, “Tsarovy, enina inches fotsiny ny halavany.”

151 Firy no efa nandre an'io tantara io? Efa imbetsaka no nitantarako an'izany taminareo, ireo olona manerana ny tabernakla.

152 Eny, nandeha nitohy sy nitohy ilay izy, nampijaly tahaka an'izany fotsiny.

153 Mayo Brothers, ny ampitso, no nanao fizahana ahy. Hoy izy, “Lehilahy Irlandey ny rainao, nisotro izy. Indiana tapany ny reninao, izany no manao anao ho saiky metisy tapany. Noho izany ianao dia ho... ianao dia—ianao dia—ianao dia tratry ny fikorontanan-tsaina manimba fotsiny ka tsy ho afaka amin'izany mihitsy.” Hoy izy, “Ankoatr'izay, dia salama ianao. Fa izany, izany dia zavatra iray ao amin'ny aina ka tsy mety ho voafehin'ny olona.” Hoy izy, “Ianao dia...” Hoy izy, “Rehefa maty ny olona iray, dia tsy afaka manao fandinihana izahay, satria lasa ny ainy.” Hoy izy hoe, “Eny, tsy ho afakao mihitsy izany.”

154 Ary nilaza io zalahy io, ilay dokoterako fahiny, hoy izy, “Nanana an'io ny raiko, maty teo amin'ny dimy amby valopolo, sivifolo taona izy,” tany ho any tamin'izany, hoy izy. Ary hoy izy, “Iray na roa volana talohan'ny nahafatesany, dia nanao fandinihana azy aho; nanana an'izany izy teo amin'ny fiainany rehetra, nanana an'ireo izy” hoy izy, “ireo fotoana.”

155 “Ny olona sasany,” hoy izy, “manana an'izany izy ireo, mora tezitra mafy”; hoy izy, “izany ilay karazany izay hamono anareo.” Hoy izy hoe, “Ilay karazany hafa, tahaka ny vehivavy ao amin'ny fitsaha-jaza, mitomany izy ireo. Tratan'ilay

karazana izay somary fahatsapana faharerahana kely ianao.” Hoy izy, “Ireo olona fahiny dia niantso an’izany taloha hoe ‘tratra ny fahasorenana,’ tsy hiala amin’izy ireo izany.” Hoy izy, “Rehefa mamely anao izany, dia mangidy ny vavoninao; tsy mahazo aina fotsiny ianao.”

¹⁵⁶ Hoy aho hoe, “Saingy, tompoko, tsy manao na inona na inona mihitsy aho.” Hoy aho hoe, “Sambatra aho.”

¹⁵⁷ Hoy izy, “Marina izany. Mivoaka fotsiny avy ao amin’ily kitapo mangejan’ny olombelona izany.” Hoy izy, “Hanana an’izany foana ianao.” Oh, zavatra mahakivy toy ny inona!

¹⁵⁸ Fa ireo teny ireo, ny mieritreritra an’izany hoe, “Tsarovy, enina inches fotsiny ny halavany,” izany no manaraka ahy, tahaka ny hahafahan’ny vady malalako iry aoriana iry hiteny aminareo. Isan-taona isan-taona, dia nieritreritra an’izany aho.

¹⁵⁹ Ary avy eo, nandeha tany am-pitan-dranomasina aho tamin’izao farany izao, izaho dia...taloha. Eny, niverina nody aho, ary teo amin’ny dia iray fihazana vontsira aho. Nitsambikina nivoaka tamin’ny fiara niaraka tamin-dRahalahy Banks Wood aho, izay mihaino izao hariva izao, ary nanomboka niakatra an’ily havoana, ka toy ny hoe nitsambikina nivoaka avy tato amiko ny foko.

¹⁶⁰ Dia nanontaniako i Dr. Sam Adair, hoy aho hoe, “Inona no mahatonga an’izany?”

¹⁶¹ Hoy izy hoe, “Amin’ny manaraka raha manana an’izany ianao, dia manaova fitiliana fo.”

¹⁶² Hoy aho, “Eny àry.”

¹⁶³ Noho izany dia nitranga indray ilay izy ny—ny taona nanaraka, ary nandeha aho ka nanao fitiliana fo. Hoy izy hoe, “Tsy misy na inona na inona tsy mety amin’ny fonao,” hoy izy, “mikorontan-tsaina fotsiny ianao.” Nanomboka tonga izany tamin’izay fotoana izay.

¹⁶⁴ Eny, dokotera hafa iray no nilaza tamiko, sakaizako tsara iray, hoy izy, “Ny fonao izany, ry tovolahy,” hoy izy “tsaratsara kokoa aminao ny mitandrina.” Izany ilay taona izay niantsoako an-dRahalahy Moore sy nitondrany olona iray hitory teny teo amin’ny toerako, rehefa nandeha tany amin’io fihazana ondrilahy io aho niaraka tamin-dRahalahy Fred. Nandeha niakatra teo amin’ireo tendrombohitra aho tahaka ny nataoko mihitsy fony aho enina ambin’ny folo taona, maily miampy maily, nihazakazaka; tsy nanelingelina kely ahy mihitsy izany. Hitanareo?

¹⁶⁵ Niverina aho ary niteny tamin’i Sam. Hoy izy hoe, “Eny, misy zavatra tsy mety, tsaratsara kokoa aminao ny mitandrina.”

¹⁶⁶ Avy eo dia nahita fahitana iray aho ny amin’ny dokotera antitra anankiray nitsangana niaraka tamin’ireo...dokotera tamin’ny andro fahiny niaraka tamin’ireo fihainoana ny tratra

teny an-tsandriny. Nilaza izy... Nitsangana teo anoloako izy indray andro, hoy izy hoe, “Aza avela hiteny aminao izy ireo hoe ‘ny fonao izany,’ ny vavoninao izany.”

¹⁶⁷ Noho izany, izaho—izaho dia nieritreritra hoe, “Eny, ho raisiko fotsiny izany teny izany, satria fahitana iray ilay izy. Ndao hanohy.”

¹⁶⁸ Nanomboka tany Afrika aho; nanao tsindrona vitsivitsy. Tsy maintsy naka andiana tsindrona aho talohan'ny nandehanana tany Afrika, izany ilay lalàna. Noho izany, rehefa nahazo an'ireo tsindrona ireo aho, dia hoy izy hoe, “Nahoana, tsy mety mahita zavatra tsy mety aminao aho.” Hoy izy, “Ny tahan'ny rànao, ny rànao dia enina amby sivifolo, enina amby sivifolo ilay izy.” Hoy izy, “Raha enina ambin'ny folo taona ianao, izany dia tsy ho—izany dia tsy ho tsaratsara kokoa.” Ary hoy izy, “Ampy hitempo mandritry ny zato taona ho anao. Ireo avokavoka, sy ny sisa,” hoy izy, “tena tsara ianao; tsy misy siramamy, na inona na inona.”

¹⁶⁹ Hoy aho hoe, “Misaotra anao.” Noho izany dia nanao fizahana ara-batana iray aho, ary—ary mba hitondrana ny—ny fanamarinana ara-pahasalamako ao amin'ilay birao.

¹⁷⁰ Noho izany, hoy izy hoe, “Mahafantatra zavatra iray mikasika an'ilay izy ve ianao?”

¹⁷¹ Hoy aho hoe, “Tsy misy afa-tsy ny marikivy maharitra ao amin'ny vavony hatrany foana.”

¹⁷² Hoy izy hoe, “Eny, ho lazaiko anao.” Nilaza izy...

¹⁷³ Hoy aho hoe, “Oh, efa nodinihana aho. Efa tany amin'ny Mayo Brothers aho, ary hatraiza hatraiza.”

¹⁷⁴ Hoy izy hoe, “Fa andraso iray minitra.” Hoy izy hoe, “Indraindray tena kely ny loaka amin'ny vavony hany ka tsy hampiseho azy ilay ranon-panafody fitiliana; ary indraindray goavana loatra ilay izy mba hampisehoana azy, satria aloka iray fotsiny ihany ny rayon-x. Ary ny loaka amin'ny vavony bitika kely, dia tsy mety ho hitanareo izany, tsy hanindrona mafy ilay izy. Afaka manao an'izany ireo loaka amin'ny vavony bitika kely rehetra.” Hoy izy hoe, “Mahafantatra dokotera antitra iray aho eto izay nahita fitaovana anankiray, manana an'izany izy ireo ankehitriny; afaka manao anao hatory izy ireo miaraka amin'ny ranon'ny pentothal kely, mametraka fantsona iray ao anatin'ny tendanao, ary mijery fotsiny tokoa ny ao anatin'ny vavoninao izy ireo ka mahita an'izay tsy mety.” Hoy izy, “Izy...” Hoy izy, “Izy dia olona karazanao, Kristiana iray.” Hoy izy, “Nahoana ianao no tsy mandeha mijery azy.”

¹⁷⁵ Nalaiko ny anarany: Dr. Van Ravensworth. Noho izany, rehefa niverina aho, dia nandeha mba hijery an'ilay dokotera antitra. Oh, lehilahy antitra iray mahafinaritra izy avy any

Dutch East Indies, avy ao amin'ny fianakaviam-ben'ireo misionera. Ary efa nandre ny amiko sy namaky ny bokiko izy, ary oh, nandray ny tanaiko fotsiny, hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, ho faly aho ny hanao an'izany ho anao." Hoy izy hoe, "Ho lazaiko anao izay hatao; mandehana any amin'ny hopitaly eto ianao amin'ny herinandro ambony," dia hoy izy, "ary antsoy aho alohan'ny handehananao." Ary hoy izy, "Tsy maintsy hanome anao tsindrona pentothal kely aho." Ary hoy izy, "Amin'izay fotoana izay rehefa manao aho," hoy izy, "dia hanao anao hatry mandritry ny dimy minitra izany."

¹⁷⁶ Vao avy nahazo an'izany ny zanakovavy kely mba hanesorana nify iray, ary ny zanakavavy kelin-dRahalahy Norman. "Torimaso dimy minitra," nieritreritra aho hoe, "tsy hanelingelina ahy izany." Noho izany, nieritreritra aho fa ho afa-po amin'izay fotoana izay, ny hijery an'ilay izy.

¹⁷⁷ Ary avy eo ny ampitso maraina, niharina teo am-pandriana aho ka nijery nanodidina, dia nijery teo amin'ilay fandriana kambana; teo ny vadiko, tsy mbola nifoha izy. Dia nijery teo amin'ilay varavarankely aho nankany amin'ireo Tendrombohitra Catalina lehibe izay nipetrakako, ary nijery teo amin'izay nisy an'ilay Anjelin'ny Tompo nametraka an'ilay Sabatra teo amin'ny tanaiko aho, izay nisehoan'ireo Anjely fito izay hitanareo eo amin'ny sary, izay nisy zavatra lehibe niseho.

¹⁷⁸ Ary nijery aho, ary raha nijery, dia nitsangana teo akaikin'ilay hazo teo indray aho, teo amin'izay nisy an'ilay vontsira mihitsy. Niandrandra teo aho, nieritreritra hoe, "Io ny lavak'ilay vontsira." Dia nieritreritra aho hoe, "Manontany aho raha mbola ao ambony ao foana izy?" tao amin'ilay fahitana. Nokikisako ny sisin'ilay hazo, nivoaka tao izy. Ary talohan'ny nahafahako nanakimpy ny masoko akory aza... Izy no vontsira hafahafa indrindra izay hany hitako; ankehitriny, tokony hahafantatra ny asam-panompoako ianareo mba hahafantarana an'ireo mari-pamantarana sy ny sisa ireo. Nitsambikina tamiko izy saingy tsy nahavoa ahy; tsy nahavoa ny vavako izy, nidona teo amin'ny tratrako dia nilatsaka.

¹⁷⁹ Ary vantany vao nilatsaka izy, dia nandre Zavatra aho nanao hoe, "Mandehana mankany amin'ny Tendrombohitra Catalina."

¹⁸⁰ Noho izany dia nitodika aho, hoy aho hoe, "Meda, mifoha ve ianao, ry Malala?" Dia nofohaziko izy.

¹⁸¹ Hoy izy hoe, "Inona ny olana?" Teo amin'ny dimy maraina teo.

¹⁸² Hoy aho hoe, "Nijery teto aho, ary hitako indray ilay vontsira, ry Malala."

¹⁸³ "Vontsira inona?"

¹⁸⁴ Hoy aho hoe, "Ilay anankiray izay hitako tany amin-dry Mayo." Hoy aho hoe, "Mba fantatrao moa? Tsy nahavoa ny

vavako izy tamin'io fotoana io, tsy nandona ahy mihitsy, nandeha teo amin'ny tratrako izy.” Hoy aho hoe, “Dera ho an’Andriamanitra! Nijery aho, oh, hatramin’ny naha-zazalahy kely, dia naniry ny hahita an’izany mitranga aho. Raha afaka ny hahita an’izany hitranga aho, tsy mbola aza... Talohan’ny nahafantarako hoe inona ny fahitana, raha mba afaka hahita an’izany hitranga aho, hoy aho tamin’izay fotoana izay hoe, ‘Ho tena tsara aho. Na inona na inona nolazain’izany tamiko, dia ho izany aho.’ Ary nandritry ny efaolo taona no niandrasako an’izany, ary indro fa nitranga ilay izy.”

¹⁸⁵ Taloha, rehefa tany amin-dry Mayo aho, tamin’ily fotoana iray ihany izay naha-tany ahy rehefa nanome ahy an’io hafatra io izy ireo, ka nahita an’ily fahitana aho...

¹⁸⁶ Lasa any amin’ny Voninahitra ilay reniko antitra ankehitriny, vehivavy tena hafahafa. Nanana nofy teo amin’ny telo na efatra izy teo amin’ny fiainany, ary marina foana izy ireo. Niteny tamiko izy, ary ny... Vao nanomboka niteny tamiko izy, dia niteny aho... Hoy aho hoe, “Ajanòny avy hatrany... Mama, ho lazaiko anao hoe inona ny ambin’ily izy.” Hitanareo?

¹⁸⁷ Satria isan’andro rehefa manome ahy nofy iray ianareo mba hadika, dia tsy lazainareo amiko foana hoe inona marina tokoa ilay izy. Jereko indray ilay izy amin’izay fotoana izay, dia hitako marina tokoa hoe mikasika ny inona no nofisinareo, Lazainy amiko hoe inona ilay izy avy eo. Hitanareo? Tsy mila miteny amiko ianareo hoe inona ilay nofy, Izy Tenany no mampiseho ahy an’ily nofy. Hitanareo? Ary amin’izay fotoana izay ary hitako, hoy aho hoe, “Eny, tsy nolazainao tamiko *ity* ary nolazainao tamiko *itsy*.” Hitanareo? Ary noho izany ilay Andriamanitra izay afaka mandika nofy iray, dia afaka mampiseho nofy iray; afaka mampiseho anankiray Izy, afaka mandika an’izany Izy. Ary noho izany...

¹⁸⁸ Eny, tsy nisy zavatra tahaka an’izany ve ao amin’ny Baiboly, nanao hoe, “Raha afaka ianareo...”? Izaho—izaho... Sendra tonga tamiko fotsiny ilay izy. Daniela, sa tsy izany? Tsia, Josefa—Josefa. Eny, any ho any ao amin’ny Baiboly ilay izy. Vao avy tsaroako fotsiny izany, nanao hoe, “Raha afaka mampiseho amiko ianao... Raha afaka miteny amiko ianao hoe inona ny...” Oh, Nebokadnezara Mpanjaka ilay izy, marina izany. Hoy izy, “Raha afaka ianao... Raha tsy afaka ianao...”

¹⁸⁹ Hoy ireo ombiasy hoe, “Teneno amiko ilay nofy.”

¹⁹⁰ Hoy izy hoe, “Niala tamiko ilay izy.” Marina izany, izany, tsaroako izany; vao avy nieritreritra an’ily izy aho teo.

¹⁹¹ Ankehitriny mariho. Ary i Mama, hoy izy hoe, “Billy,” rehefa niverina aho, hoy izy hoe, “avia eto, anaka, dia mipetraha.” Hoy izy hoe, “Nanana nofy hafahafa iray aho. Nanonofy aho fa nahita anao narary nandry, efa saika

ho faty, nohon'ny vavoninao toy ny mahazatra.” Firy ireo sakafo voatandrina efa nandrahoany ho ahy! Ary hoy izy hoe, “Nanorina trano iray teny ambonin'ny havoana ianao.” Dia hoy izy, “Nahita voromailala fotsy enina nidina avy tany an-danitra aho, nibakobako, tao amin'ny litera ‘S’ iray ary nipetraka teo ambonin'ny tratranao izy ireo. Ary nijery ianao, ka ilay anankiray izay teo anoloanao dia niezaka hiteny zavatra iray taminao.” Hoy izy, “Izy ireo dia tena voromailala malamalama, fotsy, mangirana. Ary nalain'izy ireo ny loha keliny ka napetrany niankina teo amin'ny tavanao, ary nanao hoe, ‘koo, koo, koo.’” Dia hoy izy, “Tsy nety azoko ilay izy.” Hoy izy, “Nanohy izy ireo nanao hoe, ‘koo, koo, koo.’”

¹⁹² Hoy aho hoe, “Oh, hitako ilay izy, deraina ny Tompo!” Ary hoy izy, “Nanao ny literany ‘S’ indray izy ireo ary niverina nankeny amin'ny lanitra, nanao ‘koo, koo, koo, koo,’ nandeha nody.”

¹⁹³ Eny, enina inches ny halavan'ilay biby kely izay hitako. Enina ilay sidim-boromailala izay hitan'i Mama, ny enina dia tsy feno. Fantatro fa ho hitako ilay anankiray fahafito indray andro any. Io dia ny olona, mijaly; noho izany nitohy ary nitohy ilay izy.

¹⁹⁴ Tamin'io maraina io, dia nitsangana aho taorian'ny nahitana an'ilay fahitana; nankatò ny Tompo aho. Nentiko ny zanakolahy kely, Joseph, ho any am-pianarana. Mihaino ahy izy ankehitriny, any Tucson. Nentiko tany am-pianarana izy, ary niteny tamin'i Meda aho hoe tsy fantatro na rahoviana aho no hiverina.

¹⁹⁵ Fa niainga nankany Catalina aho, nankao amin'ireo—ireo havoana tsy dia avo, ary—ary niditra tao amin'ilay toerana izay nametrahan'ilay Anjelin'ny Tompo ny Sabatra teny an-tànako. Tena vao maraina; ary nanomboka nihanika an'ilay tendrombohitra aho.

¹⁹⁶ Eny, raha tokony ho niakatra an'ireo tendro tamin'ity làlana ity (izay be bibilava, maingoka, fantatrareo hoe ahoana i Arizona), dia nihodina tany amin'ny ankavanako aho; nisy Zavatra nanao hoe, “Mihodina any amin'ny ankavananao.” Nandeha nankeny amin'ireo tendro aho; nandeha nanodidina, ary nandeha nanodidina an'ireo vato goavana lehibe, indraindray dia lehibe lavitra noho ity tabernakla ity, mifanongoa eo amin'ireo tampony izay mahalana mihitsy vao tongan'ny olona anankiray.

¹⁹⁷ Ary teo amin'ny iraiika ambin'ny folo teo, no niditra tao amin'ny helidrano kely iray aho, tao ambadika dia nisy... toerana kely iray nihodina tahaka an'izao teo amin'ny làlan-kelin'ny diara iray. Ary nesoriko ny lobako, ny satroko teny an-tànako, satria tondraky ny hatsembohana mihitsy aho. Ary noho izany nihodina niditra tao aho, ary raha nihodina niditra tao amin'io helidrano kely io aho, dia tsapako ny

fanatrehan'ny Tompo. Nosintoniko niala ny satroko ary nijery manodidina aho. Nieritreritra aho hoe, “Eto Izy any ho any. Fantatro fa eto Izy.” Nieritreritra aho hoe, “Inona izany?” Nanao dingana vitsivitsy amboniny aho. Hoy aho hoe, “Tampo, eto Ianao any ho any.”

¹⁹⁸ Dia nojereko fa nitsilany teo amin'ilay lalan-kely, ary nipetraka teo ilay vontsira kely; nitsambikina tamin'ny zavatra iray fa tsy nahavao an'ilay izy, ary nidona tamin'ny andiana cholla iray (ireo raketa mitsambikina izany). Nandoaka teo amin'ny lohany ilay izy, ny tratrany, ny vavoniny, ary maty izy. Io vontsira kely hafahafa io, tsy nahavao ny vavako izy ary nidona tamin'io cholla io. Ary hoy ny Feon'ny Tompo hoe, “Maty ny fahavalonao.” Nitsangana teo aho, ary nangovitra. Nalaiko ny tongotro ka no-...

¹⁹⁹ Mazàna dia ireo goaika no hihinana azy. Namono bibilava iray aho, andro vitsy taty aorian'io, nipetraka teo amin'ny lalana izany teo amin'ny antsasak'adiny teo. Misy voromahery sy goaika foana manidina mandalo eo, ary halain'izy ireo avy hatrany izany. Namono bibilava misy harana iray aho, izany no bibilava mampidi-doza indrindra izay ananantsika; nipetraka teo akaikiko mihitsy, andro vitsy taorian'io. Nanomboka niverina aho haka an'ilay izy mba hampiseho azy, ireo goaika no naka azy, nandalo teo ireo vorona hafahafa ireo.

²⁰⁰ Ary nipetraka teo io hatramin'ny nahazoako an'ilay fahitana, roa andro mialoha; mino aho fa ny Sabotsy ilay izy, ary ny Alatsinainy aho no nandeha tany. Noho izany dia teo izy, nandry maty teo. Nokosikosehako tamin'ny tongotro ilay izy.

²⁰¹ Niverina aho, nipetraka indray; nipetraka teo ary nitomany vetivety, ka nivavaka; nijery nankany Tucson, mailly maro teo ambaniko.

²⁰² Nitodika indray aho ary niverina, mbola nandry teo ilay izy. Rehefa niditra tao amin'ilay helidrano aho dia tonga tamiko indray ny Fanahin'Andriamanitra.

²⁰³ Nanohy nandeha aho, nandeha nidina an'ilay tendrombohitra. Niditra ary niteny tamin'ny vadiko, hoy aho hoe, “Ry Malala, tsy fantatro hoe ahoana, fa ho afaka amin'ity aho.”

²⁰⁴ Dr. Ravensworth, rehefa nanao fitiliana ahy izy, hoy izy hoe, “Tsy mety tanteraka mihitsy ny hahasalama anao.” Nomeny tsindrona pentothal iray aho izay naharitra nandritry ny dimy minitra tamiko, ary natory adiny folo aho. Noho izany io karazan-javatra io, na aspirina iray fotsiny aza dia mahatorana ahy. Noho izany izy ireo... Nomeny tsindrona iray aho, napetrany tao amin'ny tendako ilay fantsona. Rehefa nahatsiaro aho, ka niteny tamiko izy ny ampitso maraina, hoy izy hoe, “Revera, halako ny hiteny aminao an'izao, saingy” hoy izy “ireo soson'ny vavoninao mihitsy aza no tena mafy, maina

izy ireo.” Tsy mbola nahita an’izany mihitsy aho; nampiasa ny anarana hoe *gastrita* izy, ary nandeha aho ka nijery tao anatin’ny diksionera ka izao no voalaza hoe, “zavatra iray izay mihamaina.” Dia hoy izy, “Tsy afaka ho sitrana amin’io ianao.” Hoy izy hoe, “Hanana an’io foana ianao.” Ary ho tovolahy iray kivy mihitsy aho raha tsy nisy an’ily fahitana avy tamin’ny Tompo.

²⁰⁵ Ary ny ampitso dia nisy Zavatra nanao hoe, “Mandehana miverina any an-tendrombohitra.”

²⁰⁶ Ary tamin’io andro io raha tokony nandeha tamin’ny lâlana anankiray, dia voatarika handeha tamin’ny lâlana hafa iray aho. Ary nitsangana teo aho; ka nijery, nipetraka teo anoloako, dia nipetraka teo ilay fahafito kely, voromailala fotsy, nijery ahy mihitsy. Nokosehako ny masoko, hoy aho hoe, “Azo antoka tokoa, fahitana iray io; azo antoka tokoa, izany io.” Nijery aho, ary hoy aho hoe, “Ry voromailala kely, avy taiza ianao?” Tena tsara tarehy sady fotsy, mety ho domohina iray; na inona na inona ilay izy, tany anatin’io an-efitra lavitra io.

²⁰⁷ Andriamanitra Tsitoha, Izay nanangana an’i Jesosy Kristy tamin’ny maty, Izay izaho no mpanompony, ary mipetraka eto Ny Teniny, misokatra eto anatrehako, no mahafantatra fa miteny ny fahamarinana aho ary tsy mandainga.

²⁰⁸ Nipetraka teo ilay voromailala, nipetraka teo nijery ahy. Nandroso aho, nieritreritra hoe, “Azo antoka tokoa, fahitana iray io.” Nahodiko ny lohako, nijery tany aoriana aho, ary nipetraka teo izy; ireo elatra keliny, fotsy, tena toy ny oram-panala arak’izay naha-izy azy mihitsy; ireo tongotra keliny, mavo; sy ny vava keliny, mavo; nipetraka teo nijery ahy. Nandinika niankandrefana mihitsy izy. Nandeha nihodidina azy tahaka an’izao aho, tsy te-hikasika azy mihitsy. Nanohy nandeha teo amin’ily lâlankely aho; nijery tany aoriana, fa mbola nipetraka teo foana izy nandinika ahy.

²⁰⁹ Rahalahy, amin’ny maha-zanak’i Abrahama, dia tsy mihevitra an’izay nolazain’ily dokotera tamiko aho, ho salama aho, na ahoana na ahoana!

²¹⁰ Niverina aho ny andro fahatelo, nihanika avo. Ary maro aminareo no mahafantatra ny fahitana mikasika an’ily lehiben’ny Indiana nandeha teo amin’ily rindrina kely ho any andrefana. Nisy Zavatra nanintona ahy hankeo amin’ny vatolampy goavana iray, teo amin’ny mitataovovonana teo, nanao hoe, “Ankino eo amin’io ny tãnanao dia mivavaha.” Andriamanitra any An-danitra no mahafantatra fa marina izany.

²¹¹ Nankiniko teo amin’ily vatolampy ny tãnako ary nijery nankany An-danitra aho ka nanomboka nivavaka. Nandre Feo

iray aho nivoaka avy tao an-tampon'ireo vatolampy teo ireo, nanao hoe, “Amin’ny inona no iankinanao, ao amin’ny fonao?” Dia nitsangana tahaka an’izao indray aho, tsy nisarona ny soroko; nitanjaka ny teo amin’ny valahako miakatra, nafana. Nijery tany aoriana aho. Ary indro voasoratra teo amin’ily vatokaranana, teo amin’ny vato hoe, “Voromahery Fotsy”; tena izay nolazain’ily fahitana marina tokoa fa hivoahan’ny Hafatra manaraka.

²¹² Tena taitra tokoa aho, nihazakazaka nody; naka fakan-tsary iray ary niverina ny ampitso, dia naka ny sarin’ily izy. Mbola teo foana izany, voasoratra teo amin’ny vatolampy: “Voromahery Fotsy.” (Voromailala mitarika voromahery.)

²¹³ Na manao ahoana na manao ahoana, izaho—izaho dia mahafantatra. Hiteny aminareo aho alohan’ny hitrangan’izany. Ilay dokotera no tena dok-...dokotera tsara, tsy isalasalana; izaho—izaho dia mihevitra fa lehilahy mahafinaritra iray izy. Saingy izaho—izaho dia mahafantatra fa ho sitrana amin’io aho. Vita ilay izy! Tapitra ilay izy, ary ho salama aho!

²¹⁴ Ary nieritreritra aho raha nihira an’io hira io i Ernie fotoana vitsy lasa izay hoe, *Eo Ambonin’Ny Elatry Ny Voromailala*. Ahoana ny feon’ily izy? Atombohy ho ahy izany, ry Ernie.

...elatry...voromailala fotsy toy ny
oram-panala, (hirao miaraka amiko ilay izy)
No nandefasan’Andriamanitra ny Fitiavany
madio, mamy,
Famantarana iray avy any ambony,
Eo ambonin’ny elatry ny voromailala.

²¹⁵ Azoko fa andininy roa tamin’io no nataon’i Ernie. Izaho dia hanao andininy telo ho anareo.

Noa dia nivilivily
Andro maro teo ambonin’ireo tondra-drano,
Nitady tany izy,
Tamin’ny fomba isan-karazany;
Tratry ny olana maro izy,
Fa tsy avy tany ambony,
Fa Andriamanitra dia nanome azy ny
Famantarany
Eo ambonin’ny elatry ny voromailala.
Eo ambonin’ny elatry ny voromailala fotsy
toy ny oram-panala,
No nandefasan’Andriamanitra ny Fitiavany
madio, mamy,
Famantarana iray avy any ambony,
Eo ambonin’ny elatry ny voromailala.

Jesosy, Mpamonjy antsika
 Dia tonga teto an-tany indray andro;
 Teraka tao an-tranon'omby Izy,
 Tao amin'ny fihinanam-bilona;
 Teto no nolavina,
 Fa tsy avy tany ambony,
 Fa Andriamanitra dia nanome antsika ny
 Famantarany
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy
 toy ny oram-panala,
 No nandefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy.
 Oh, famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

Na dia nijaly aza aho
 Tamin'ny fomba maro,
 Niantsoantso fanasitranana aho
 Na alina na andro;
 Fa ny finoana dia tsy nohadinoina
 Teo amin'ilay Ray any ambony,
 Nomeny ahy ny Famantarany
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy
 toy ny oram-panala,
 No nandefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Oh, famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy
 toy ny oram-panala,
 No nandefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

²¹⁶ Andriamanitra malala, misaotra Anao aho ny amin'ireo zavatra ireo, Ray. Nomenao an'i Noa ilay famantarana, Nomenao an'izao tontolo izao ilay famantarana, ary Nomenao famantarana iray aho. Ary ny ampitso, nahita an'io voromahery io nanidina, O Andriamanitra, indro misy Hafatra iray mivoaka ankehitriny, ary mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hamelanao an'ilay Voromailala hitarika. Ekeo izany, Tompo. Izany no nitarika ahy teo amin'ny finoana iray izay tsy mbola nananako mihitsy tany aloha. Fantatro, Andriamanitra, fantatro fa ho tena tsara ilay izy; noho izany misaotra Anao aho ny amin'izany, Ray.

²¹⁷ Ary, izao hariva izao, dia alefaso indray Ny Hafatrao, Tompo, eo ambonin'ny elatry ny Voromailalan'ny Teny. Ekeo izany, Ray An-danitra malala. Ary ny tsirairay avy izay mandalo eto amin'ity lampihazo ity, izao hariva izao, sy ny any lavitra any amin'ireo fivoriana manerana ny firenena, enga anie hilatsaka ao am-pon'izy ireo Ny Voromailalan'ny finoanao lehibe ka hanome azy ireo ny finoana, Tompo, ho an'ny fahasitranany. Tsarovy fa tsy manao fanavahana olona Andriamanitra. Afaka nandefa ny Hafatra tamin'i Noa Izy, afaka nandefa an'Izany tamin'i Jaona Mpanao-batisa, afaka nandefa an'Izany tamiko, afaka mandefa an'Izany amin'ny hafa.

²¹⁸ Mivavaka aho mba hanidina ao amin'ny fo tsirairay io Voromailala io izao ankehitriny izao, Tompo, miaraka amin'ny Vava keliny, milokom-bolamena, ka hibitsibitsika hoe, "Tamin'ny Dian-ka pony...Tamin'ny Ratrako sy ny dian-ka poky no nahasitrana anao." Andriamanitra, ekeo mba ho voafafa ireo fahadisoinay, ho voavela ireo helokay, ary ho sitrana ny aretinay. Eo an-Tànanao izany, Ray. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Miaraka amin'ny lohanareo miondrika iray minitra fotsiny indray.

²¹⁹ Firiy eto no te-hilaza, raha vitanareo sy tianareo ny hilaza an'izao hoe, "Rahalahy Branham, efa diso teo amin'ny fiainako rehetra aho. Naniry ny hanompo an'Andriamanitra aho, saingy izao hariva izao dia vonona aho ny hanolo-tena. Mivavaha amin'Andriamanitra, mba hanidina ato am-poko io Voromailala io izao hariva izao. Afaka mahatsapa Azy manakopakopaka ny Elany aho raha miditra Izy"? Atsangano ny tãnanareo, sitrakareo ve? Eto amin'ny mpanatrika hita maso, oadray, manerana ny tranobe rehetra.

²²⁰ Ny any ivelany ao amin'ireo mpanatrika manerana ny firenena, ny any amin-dRahalahy Hunt sy Rahalahy Coleman any, any amin-dRahalahy Leo sy izy ireo, hatrany Tucson, ao amin'ny Branham Tabernacle, manerana ny Morontsiraka Andrefana, atsangano ny tãnanareo na aiza na aiza: "Tiako hanidina ato am-poko ilay Voromailala izao hariva izao. Ento ho ahy eo ambonin'ny elatry ny Voromailala fotsy toy ny oram-panala ny fitiavan'Andriamanitra mammy, ny Fanahy Masina. Ento ho ahy Izany, izao hariva izao, Tompo, ary arotsahy ato am-poko ilay finoana izay ilaiko."

²²¹ Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia mivavaka aho, Andriamanitra, mamela ny fahotanay. Ilay Voromailala voaratra no namerina indray ny Hafatra, O Andriamanitra hoe, "Tapitra ilay izy!" Mino an'izany izahay. Omeo finoana fotsiny izahay hinoana an'Izany, mivavaka izahay. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy
 toy ny oram-panala,
 No nandefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

²²² Avy taiza io voromailala io? Tsy fantatro. Tsy ho nandeha teo amin'io an-efitra io tahaka an'izany izy. Tsia, tsia! Tsia, tsy ho nandeha teo izy. Ary nahoana izy no fotsy? Ilay Ray An-danitra no mahafantatra fa fotsy tahaka ny lobako izy. Nipetraka teo izy.

Fa eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy
 toy ny oram-panala,
 No nandefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Oh, famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy
 toy ny oram-panala,
 No nandefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Oh, famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

²²³ Oh, tsy mahatsapa ho tena manetry tena ve ianareo? Ndao fotsiny isika hifandray tàmàna, ka hihira an'izany.

Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy
 toy ny oram-panala,
 No nandefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

²²⁴ Ndao isika hanangana ny tàmantsika ho Azy, ka hihira an'izany.

Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy
 toy ny oram-panala,
 No nandefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

Noa dia nivilivily
 Andro maro teo ambonin'ireo tondra-drano,
 Nitady tany izy,
 Tamin'ny fomba isan-karazany;
 Tratry ny olana maro izy,
 Fa tsy avy tany ambony,
 Fa Andriamanitra dia nanome azy ny
 Famantarany
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy
 toy ny oram-panala,
 No nandefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Oh, famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

Jesosy, Mpamonjy antsika
 Dia tonga teto an-tany indray andro;
 Teraka tao an-tranon'omby,
 Tao amin'ny fihinanam-bilona;
 Teto no nolavina,
 Fa tsy avy tany ambony,
 Fa Andriamanitra dia nanome antsika ny
 Famantarany
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy
 toy ny oram-panala,
 No andefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

²²⁵ Nahoana, izaho lahy antitra iray, nijaly nandritry
 ny fiainako rehetra, nahoana Izy no nanasitrana ahy
 ankehitriny? Mino aho fa handeha eo amin'io làlankely io
 indray, tsy maintsy mitondra Hafatra iray aho! Ary lazaiko
 amin'ny Raiko, izao hariva izao, (araka ny hitan'i Junior tao
 amin'ny—ny nofy indray alina ny amin'ny elatr'io Voromailala
 io, niditra teo amin'ireto varavarankely eto ireto), Tompo,
 hitory ho an'ny asa ny Mpanomponao. Amena, vonona aho!

Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy
 toy ny oram-panala,
 No andefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

²²⁶ Ndao isika hino ankehitriny fa miditra eo amin'ny
 mpanatrika Izy.

Eo ambonin'ny elatry ny fotsy toy ny
 oram-panala... (Miandry izahay, Tompo.)
 No andefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

²²⁷ Ianareo izay manana karatra fangataham-bavaka, eto
 amin'ity lalantsara ity, mandrosoa manketo; mitsangàna,
 mandrosoa amin'ity lalantsara eto ity, amin'ity ilany ity.

Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy
 toy ny oram-panala,
 No andefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

228 Ireo izay miaraka amin'ny karatra fangataham-bavaka
 amin'ity laharana ity, mivoaha avy ao amin'ny ankavianareo.

Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy
 toy ny oram-panala,
 No andefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

229 Ireo . . . [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]

Oh, eo ambonin'ny elatry ny voromailala
 fotsy toy ny oram-panala,
 No nandefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

230 Avy taiza ilay voromailala tany an-efitra tany io? Hilaza
 an'izao aho: Hitan'Andriamanitra fa nila ondrilahy iray ho
 famantarana i Abrahama, Izy no *Jehovah-jire*, “ny Tompo
 dia afaka manomana ny fanatitra ho an'ny Tenany.” Ny
 mieritreritra an'izany! Ilay Andriamanitra iray ihany,
 tamin'ny alàlan'ny tsindrimandry iray ihany, tamin'ny
 alàlan'ny karazan'olona iray ihany, no nandefa voromailala
 iray. Mbola Andriamanitra foana Izy, Jehovah-jire dia afaka
 manomana ny zavatra rehetra izay ilainy.

231 Ianareo ve, raha mbola mandalo mihitsy ao amin'ity
 laharam-bavaka ity ankehitriny, afaka hangataka
 amin'Andriamanitra mba hanomana ny elatr'ilay Voromailala
 ho anareo? Ilay Voromailala, Fanahin'ny Fanahy Masina, mba
 hanome anareo ny finoana ao am-ponareo mba hino fa ho
 sitrana ianareo.

232 Miezkaka ny mampitsangana azy rehetra aho, hitanareo.
 Manontany aho ankehitriny. Eo amin'ny toerany Rahalahy
 Brown. Rahalahy Jack . . . Ahoana hoe? [Miresaka
 amin-dRahalahy Branham ny olona iray—Mpand.] Eny àry,
 tsara. *Ity* fizarana eto ity, no mandalo voalohany amin'ity
 ilany ity, izay efa milahatra. Ireo fizarana ery aoriana dia *ato*
 no miditra avy hatrany aorian'izy ireo. *Ireto* dia miditra avy
 hatrany aorian'ilay toera-malalaka. Ary *ianareo* dia miditra
 avy hatrany aorian'ireto eto ireto, manatona avy hatrany mba
 hivavahana.

²³³ Ankehitriny, azoko antoka fa tsy ho laharana haingana ity, haka fotoana kely fotsiny isika mba hahafahantsika tena hivavaka ho an'ny tsirairay, arak'izay vitantsika.

²³⁴ Ankehitriny, notapahiko ho fohy kely mihitsy ny hafatro (ary nahatsapa an'izany ianareo rehetra, hitanareo) mba hahafahako hanana an'ity laharam-bavaka ity. Iza dia laharam-bavaka iray ho fanomezam-boninahitra an'ireo andro rehefa Rahalahy Jack Moore, Rahalahy Young Brown, navelan'ny vadinareo handeha ianareo, dia tonga ianareo ary nandeha tany California isika, sy nanerana an'i Arizona manontolo (niaraka, tao amin'ilay tany efitra), ary nivavaka ho an'ny marary.

²³⁵ Mba fantatreo moa? Misy olona velona androany izay teo am-pahafatesana tamin'izany, ary mbola velona noho izany ezaka izany. Inona no nataon'izany? Izany no namokatra an'ireo fanasitranana avy amin'Andriamanitra tao amin'ny fiangonana tsirairay izay misy eto amin'ny firenena, ankehitriny na ireo Presbyterana sy ny sisa aza. Izy ireo... Izany no nampangina ny vavan'izy ireo, satria nila an'Andriamanitra izany mba hanosotra olona iray hamono an'ilay Goliata, mba hanehoana fa azo natao izany, avy eo dia nanana fahasahiana ny sisa tamin'izy ireo (marina izany) ary nandroso. Azo atao indray izany, satria mbola mandefa ny Fitiavany eo ambonin'ny elatry ny Voromailala foana Izy.

²³⁶ Ry Kristiana, tiako ianareo hihaino. Raha hitsangana eto aho ka hiezaka hanonona aminareo ny amin'ireo zavatra ivelan'ny voajanahary izay efa hitako nitranga na ny tao anatin'ny telo taona lasa aza, dia ho eto foana aho amin'izao ora izao hatramin'ny Sabotsy hariva manaraka, hiteny aminareo. Tsy niresaka betsaka an'ilay izy akory aza aho, satria toa ohatry ny saiky tsy mety izany, fa miteny aminareo ny Fahamarinana aho. Izany marina tokoa no Fahamarinana. Miaina eo ambanin'ny fitarihan'ilay Jehovah Mahery Lehibe isika, ilay Anankiray ihany izay niaraka tamin'ireo mpaminany tao amin'ny Testamenta Taloha, niaraka tamin'ny Fiangonana tao amin'ny Testamenta Vaovao, eto Izy androany maka Ampakarina iray avy ao amin'ireo Jentilisa ho an'Ny Anarany. Minoa an'Izany! Tsy hino ve ianareo, ry olona? Raha efa mba nino an'Izany ianareo, dia minoa an'Izany izao ankehitriny izao. Izany dia izay... Tiako ianareo hanao an'izany. Tsy fantatsika hoe inona no mety hitranga izao hariva izao. Tsy fantatsika hoe inona no hitranga. Miandry fotsiny eo ambanin'ny fiandrasana isika.

²³⁷ Azafady, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, mangataka aminareo aho amin'ny maha-Mpanompony. Fantatro fa rehefa miara-miasa amin'ireo fiangonana ianareo, dia afangaronareo ao ny zavatra rehetra. Fa raha mino ahy ho Mpanompony ianareo, raha misy pentina anankiray an'ny fisalasalana ao (na ny

fahotana dia—dia “fisalasalana, tsy finoana”), raha misy pentina anankiray an’izany ao am-ponareo, dia mangataha amin’ny Ray mba hanaisotra an’izany izao ankehitriny izao. Hitanareo? “Tompo...” Ary amin’izay fotoana izay rehefa tonga miaraka amin’ny finoana tena izy ianareo... Ankehitriny, tsy midika na inona na inona ny tãnako raha tsy Izany aloha no mandona anareo; avy eo rehefa tonga ilay izy, dia izany no hampahazava azy, ho sitrana ianareo. Marina izany, ho fantatrareo fa ho sitrana ianareo. Hitanareo, hino an’izany ianareo.

²³⁸ Ankehitriny, hivavaka aho ankehitriny ho an’ny tsirairay avy aminareo. Ary ankehitriny... Rehefa manao an’izao ianareo, dia apetraho eo amin’ny iray hafa ihany koa ny tãnanareo, noho izany isika dia... Ary mivavaha ianareo ho an’ily olona izay ametrahanareo ny tãnanareo, avy eo dia hampandalo anareo ao amin’ily laharana aho. Apetraho eo amin’ny olona izay miaraka aminareo ao amin’ny laharana ny tãnanareo.

²³⁹ Andriamanitra malala, izaho—izaho tsy mahafantatra fomba hafa iray hilazana an’ireo zavatra ireo, Tompo. Fantatro fotsiny ny hiteny izay fantatro fa ny Fahamarinana, ary Ianao no vavolombeloko izao hariva izao fa miteny ny Fahamarinana aho. Ny finoako, Tompo, sy ny fahasitranako manokana amin’ny ho avy; tsy fantatro hoe rahoviana, tsy fantatro hoe ahoana, tsy azoko ilay izy; fa mino an’Izany aho, Tompo, fa nandray an’ily famantarana avy any ambony aho. Tonga teto ilay voromailala fahafito tamin’ny farany, ny inch fahafito dia efa saiky nifarana tao amin’ily biby. Tapitra ilay izy!

²⁴⁰ Andriamanitra, te-hanompo ny Vahoakanao aho. Noho izany dia mivavaka aho, Andriamanitra, mba tena Hanosoranao anay izao hariva izao ka na iza na iza ametrahanay ny tãnanay, dia enga anie ho sitrana izy ireo; tsy hoe satria izahay izany, fa satria fanarahana ny Didinao izany. Hoy Ianao hoe, “Izao famantarana izao no hanaraka an’ireo izay mino.” Tompo, ampio aho mba hino, ary ampio ny fon’izy ireo mba ho tany fambolen’ny finoana. Ary enga anie, miaraka, ho an’ny voninahitr’Andriamanitra, ny olona marary sy ory rehetra ato amin’ity tranobe ity (na ireo tranobe manerana ny firenena) izay mankatò an’ireo didy ireo ankehitriny, ho salama. Amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, no angatahako an’izany. Amena.

²⁴¹ Manàna finoana; ianareo rehetra mivavaha miaraka aminay. Ankehitriny, tsy laharana ho an’ny famantarana izao.

²⁴² [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Fikorontanan-tsaina, tahotra, fantatro hoe inona io... [Miresaka amin-dRahalahy Branham ilay anabavy.] Zavatra kely mampalahelo, nilaza izy fa tsy nahita fiadanana mihitsy teo amin’ny fiainany. Ilay zavatra iray ihany izay izaho... Tsy mety matory, mikorontana, fanerena.

243 Andriamanitra malala, mijoroa vavolombelona ho ahy, Tompo, fa niteny ny Fahamarinana aho. Toy ny ahoana no tsapako ho an'ity vehivavy kely ity! Mivavaka aho, Andriamanitra, mba Handefasanao ho azy, izao hariva izao, an'ilay tara-pahazavan'ny finoana avy any ambony izay mahafantatra fa Ianao dia voaterin'Ny Teninao, ary hihazona ny Teny rehetra Ianao. Enga anie ilay Andriamanitry ny Lanitra hanaisotra an'io tahotra io hiala amin'ny anabaviko. Ary mankatò Anao aho amin'ny fametrahan-tànana eo aminy ka manameloka an'izany. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie hivoaka aminy izany. Amena.

244 Ankehitriny, jereo ranabavy, minoa ahy ianao ankehitriny, raha afaka manomboka eto mihitsy ianao, akaikin'ilay hazo fijaliana. Manomboka amin'ity hariva ity, dia làvo fa manana an'izany ianao. Hitanao, manohiza manao hoe, "Tsy manana an'izany intsony aho," ary hiala aminao izany.

245 Ranabavy Palmer. [Miresaka amin-dRahalahy Branham Ranabavy Palmer—Mpand.] Eny. Ny anabavintsika, Ranabavy Palmer; tena sakaiza malalako tokoa ny vadiny, mpitoriteny iray avy any Georgia na Alabama, Georgia—Georgia. Ary tonga tao amin'ny tabernakla izy...namily fiara izy ireo, rehefa mitory ao amin'ny tabernakla aho, dimanjato sy arivo mailly mba hihaino fivoriana anankiray. Tsy nahafehy ny familiana ny fiarany i Rahalahy Palmer, na ilay zazalahy, anankiray, rehefa nihodina teo amin'ny zoron-dàlana iray izy ireo, ary tratry ny lozam-piarakodia iray. Nisy fiantraikany taminy izany.

Ndao isika hivavaka.

246 Andriamanitra malala, afaho ity mpanompon'ny Anao ity, ny vady keliny, mahatoky, marina, mpanompo kely ao amin'i Kristy, mivavaka aho, Andriamanitra, raha mametraka ny tànako eo aminy, miaraka amin-dRahalahy Jack Moore eto, mba Hanasitrananao azy ary hanao azy ho salama. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Andriamanitra hitahy anao!...?...

247 Ao amin'ny tongotra ankavanana, ary mitsangana ho azy ianao? Mandringa ny zanany lahikely, tratry ny faharariana ao amin'ny vavoniny sy lamosiny.

Ndao isika hivavaka.

248 Andriamanitra malala, aoka io Voromailala fotsy toy ny oram-panala io hitsoboka ao anatin'ny fony izao ankehitriny izao, "Voalefona nohon'ny fahotantsika, notorotoroina nohon'ny helotsika, ireo Dian-kapony no nahasitrana antsika." Mangataka an'izany ho tanteraka aho ho an'ny rahalahinay sy ho an'ny zanany lahikely, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

249 Fanaintainan'ny aretin'andoha mafy, sy fahararian-tongotra izay manelingelina azy rehefa miasa izy.

250 Andriamanitra malala, ekeo ho eo amin'ity tovolahy ity ny Fitahiana manasitrana, raha mametraka ny tãnanay eo aminy izahay amin'ny maha-mpanompon'Andriamanitra. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

251 Tratry ny aretin'ny ramatoa izy, an'ny vehivavy, ary mila ny Batisan'ny Fanahy Masina ihany koa izy.

252 Andriamanitra malala, raha manolotra Amina an'izao vavaky ny finoana izao aho ho an'ity ramatoa kely ity, dia enga anie ho lasa ilay aretim-behivavy, enga anie ho tonga eo amin'ny elatry ny Voromailala ny Batisan'ny Fanahy Masina, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Andriamanitra hitahy anao, ranabavy.

253 Fivontosana eo amin'ny masony, ary ho an'ny sakaiza tiany.

254 Andriamanitra malala, Fantatrao ny fon'ny olona. Mivavaka Amina aho Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy, mba Hanekenao an'izao fangatahana izay nangatahan'ity rahalahy ity izao; ary ny fankatoavanay Ny Teninao amin'ny fametrahana-tãnana eo aminy. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Andriamanitra hitahy anao, rahalahy.

255 Tratry ny fivontosana iray eo amin'ny ilany havia izy, ary ratsy koa ny feony.

256 Jesosy malala, mivavaka aho mba Hanasitranao an'ity anabavy ity; mametra-tãnana eo aminy amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mba ho tonga ny fahasitrany. Amena.

Andriamanitra hitahy anao, ranabaviko.

257 Mazava ho azy, ranabavy, hitako ny aretinao, ranjo mivonto. [Miresaka amin-dRahalahy Branham ilay anabavy—Mpand.] Voa, tatavia, ary ny kitrokely mivoaka amin'ny toerany.

258 O Ray, Andriamanitra, sitrano ity vehivavy sarobidy ity, Tompo, mivavaka aho, raha mametra-tãnana aminy amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

259 Andriamanitra hitahy anao, ranabavy; izany ilay izy, ho vita izany.

260 Henonareo ve izany, sa tsy izany, eo amin'ny fanamafisam-peo? Na iza na iza no ao... ilay enjeniera, raha hakarinao kely fotsiny izany, mba hahafahan'ny mpanatrika mandre ny fijo-... na izay lazain'izy ireo rehefa mandalo izy ireo. Mivavaha ho azy ireo rehefa mandre an'ilay izy ianareo; rehefa manomboka mivavaka aho, dia mivavaha miaraka amiko ianareo.

261 Andriamanitra malala, mivavaka aho ho an'ity anabavinay ity, mba Hanasitranao azy, Andriamanitra malala. Manao an'izao izahay satria Didinao izany. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Ho tahiana ianao, ranabavy.

262 Andriamanitra malala, Renao izany fijoroana vavolombelona izany, Renao izay nataon'ily fahavalo tamin'ny. Miezaka izahay ny mandray ny Anaran'i Jesosy sy handresy an'io fahavalo io; efa resy izy satria ilay Voromailala voatorotoro, voakapoka dia nilatsaka teo amin'ny gorodon'ny Tranon'Andriamanitra niaraka tamin'ny Hafatra iray hoe, "Tapitra ilay izy!" Ekeo izany, enga anie izy hino an'izany, Ray, amin'ny Anaran'i Jesosy.

263 Andriamanitra malala, mivavaka aho mba Hanasitrananao an'ity anabavinay ity. Enga anie ilay Voromailalan'Andriamanitra hijoro vavolombelona aminy izao hariva izao fa efa Nataony ho azy izany, ka afaka ny ho salama izy. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

264 Andriamanitra malala, mametraka ny tânako eo amin'ny rahalahiko izay mitsangana eto aho. Nanana finoana ampy izy hahatongavana hatreto, Tompo, ankehitriny dia enga anie izy handray ny fahasitranany ary handeha eny amin'ny sezany ho salama. Amin'ny Anaran'i Jesosy.

265 Andriamanitra malala, mivavaka ho an'ny rahalahinay aho, mametra-tànana eo aminy. Manampia, Andriamanitra malala, mba hitsoboka amin'izao fotoana izao mihitsy ilay finoana an'Andriamanitra; ka ho tahaka an'i Abrahama, miantso an'ireo zavatra izay misy, ho toy ny hoe izy ireo dia—dia tsy misy, satria Andriamanitra no nanao an'ily teny fikasana. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Andriamanitra hitahy anao.

266 Andriamanitra malala, Ianao no ilay Anankiray izay afaka mandray ny fanapahan-kevitra marina. Mivavaka aho, Andriamanitra malala, raha mangataka an'izany ity ramatoa tanora ity, enga anie izy handray an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

267 Andriamanitra malala, mametraka ny tânako eo amin'ny anabavinay aho amin'ny fankatoavana an'izay Nolzainao fa hatao. Iza dia mamerina anay tany amin'ny taona maro, Tompo, hatramin'ny nanaovanay laharam-bavaka iray tahaka an'izao; saingy fantatray izay nitranga tamin'izany, fantatray fa Ianao no Andriamanitra tsy miova androany raha afaka manana an'ily finoana iray ihany ny olona androany. Mivavaka amin'ny Anaran'i Jesosy aho ho an'ny fahasitranan'ny anabavinay. Amena.

268 Andriamanitra malala, mametraka ny tânako eo amin'ny rahalahiko eto aho ary mangataka ho an'ny fahasitranany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

269 Ray, mitondra an'ity anabavinay ity eto Anatrehanao aho izao hariva izao, ary mametraka ny tânako eo aminy ho

vavolombelona fa mitsangana ho vavolombelon'ny Herinao aho, mitsangana ho vavolombelon'ireo Fahitanao, Ny Teninao, ary vavolombelona aho fa Andriamanitra Ianao. Ary mametra-tànana eo aminy aho ho fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra, ka mangataka ho an'ny fahasitranany. Amena.

270 Andriamanitra malala, mametra-tànana eo amin'ny rahalahiko tahaka an'izany koa aho, amin'ny maha-vavolombelon'ny Herinao dia mangataka ho an'ny fahasitranany aho amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

271 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] “Inona?”

272 Hoy izy hoe, “Ilay Mpanasitrana.” Nilaza izy fa “Ny lehilahy iray avy tany ho any, tany Arkansas, dia sitrana tamin'ilay maraina, mpanajitra kiraro jamba.” Fantatrareo ilay tantara. Efa tao amin'ny radio izany.

273 Dia hoy aho hoe...Nieritreritra aho...Nilalao ny ampahany an'ny mpihatsaravelatsihy iray aho. Hoy aho hoe, “Tsy mino ve ianao fa izany no Fahamarinana?”

274 Hoy izy hoe, “Eny, tompoko, mino aho.”

275 Dia hoy aho hoe, “Mino ve ianao amin'izao andro izao fa rehefa hanao zavatra tahaka an'izany Andriamanitra, rehefa...”

276 Hoy izy hoe, “Tompoko, nihaino ny fandaharana ara-pivavahana aho.” Hoy izy hoe, “Kristiana aho.” Hoy izy hoe, “Nihaino an'ireo fandaharana aho, nandre an'io lehilahy io aho tany izay sitrana aninkeo maraina, io mpanajitra kiraro jamba io. Noroahan'izy ireo niala tamin'ilay fiangonana izy, nanao tabataba be izy, avy amin'ny fiangonana anankiray nankany amin'ny hafa. Niaraka tamin'ny satrony teo ambonin'ny tehina iray, nanodinkodina an'izany, nihazakazaka nandroso-sy-niverina teo amin'ireo fiangonana, ny tsirairay tao amin'ny tanàna, nihiakiaka hoe, ‘Sitrana aho! Sitrana aho!’ Mpanajitra kiraro jamba iray.”

277 Hoy aho hoe, “Mino an'izany ve ianao?”

278 Ary nitsangana vetivety teo izy, nisy karazana orana manify kely, hoy izy hoe, “Tompoko, raha afaka hitondra ahy any amin'izay misy azy ianao, amin'izay fotoana izay dia hahita ny raiko aho.” Tamin'izay fotoana izay dia nahatsapa somary tahaka an'izao aho.

279 Hoy aho hoe, “Angamba izaho ilay anankiray izay tadiavinao.”

280 Hoy izy hoe...nandramby ahy tamin'ireo moro-tongotry ny palitaoko, hoy izy hoe, “Ianao ve ilay Mpanasitrana?”

281 Hoy aho hoe, “Tsia, ranabavy, fa izaho no Rahalahy Branham.”

282 Hoy izy hoe, “Mamindrà fo!”

Nieritreritra an'i Fanny Crosby jamba antitra mahantra aho hoe, “Rehefa miantso ny hafa Ianao, dia aza mandalo ahy.” Hitanareo, efa nanasitrana anankiray Izy, afaka nanasitrana azy Izy.

283 Napetrako teo amin'ny masony ny tànako, hoy aho hoe, “Jesosy malala, indray andro dia nitontona teo amin'ny làlambe ny hazo fijaliana antitra marokoroko iray, ireo soroka nisy rà nivoaka avy teo aminy, nianjera teo ambanin'ilay enta-mavesatra ny vatana kely malemitemy iray izay nitondra azy. Lehilahy mainty hoditra iray amin'ny anarana hoe Simona, avy any Kyrena, no tonga ka naka an'ilay hazo fijaliana, nanampy Azy hitondra an'izany. Azoko antoka fa Tsaroanao izany, Ray. Ary ny anankiray amin'ireo zanany dia mivembena ao anatin'ny aizina eto, azoko antoka fa Azonao.”

284 Hoy izy hoe, “Voninahitra ho an'Andriamanitra! Afaka mahita aho!” Ah-hah.

285 Hoy aho hoe, “Afaka mahita ianao?”

286 Hoy izy hoe, “Eny, tompoko.”

287 Hoy aho hoe, “Isao ireo jiro ireo.” Dia nisainy izy ireo. Hoy aho hoe, “Inona no lokon'ny palitao sy pataloha anaovako?”

288 Hoy izy, “Manao palitao sy pataloha volondavenona ianao, miaraka amin'ny karavato mavo.” Izany ilay izy, afaka nahita izy.

289 Oh, manaja ny fanetre-tena Andriamanitra. Ah-hah.

*Io ihany no hanao, sy hanatanteraka,
an'ilay fandresena goavana ao amin'ny
Fitiavan'Andriamanitra.*

290 Andriamanitra malala, mamindrà fo ka sitrano ny anabaviko, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

291 Andriamanitra malala, raha mandray an'ity tànana malemy, mikentrana ity aho, dia Ianao irery ihany no mahafantatra an'izay nandalo teto. Mivavaka aho, Andriamanitra malala, mba ilay tànana iray ihany izay ananako izao hariva izao no hamihina tahaka an'ireo tànana malemin'i Simeona tamin'izany andro izany hoe, “Tomo, aoka ny Mpanomponao handeha amin'ny fiadanana, fa hitako ankehitriny ny Famonenao.” Enga anie ho tonga aminy Izany, Tomo, ny Famonenao, ka hanao azy ho salama amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

292 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Tao amin'Ny Fitoriana, nahoana, nitory an'i Jesosy Kristy Atoa. Tsi-finoana. Tsaroanareo ve Ny Fitoriana? Ahoana fa ilay... Izy ireo dia nanana an'ireo—ireo mpisolovava sy ny sisa, sy iza no nanohana an'iza. Ary isika dia nanana an'ilay—an'ilay mpisolovava mpiampanga, Satana, izay niampanga; ahoana ilay, nitondrana ny fitoriana.

²⁹³ Dia nilaza izy, ny anankiray, Atoa. Mpisalasala, tonga izy, hoy izy hoe, “Nandre mpitory teny iray aho nanao hoe, ‘Hosory diloilo ny marary, ny Baiboly no milaza an’izany.’ Nohosorana diloilo aho, fa tsy sitrana. Hoy ny anankiray hafa hoe, ‘Mametraha tanao eo amin’ny marary, dia ho sitrana izy ireo.’” Niezaka niampana izy.

²⁹⁴ Fa rehefa nandroso ny vavolombelona, dia izao ilay izy, “Andriamanitra no niteny tamin’izy ireo, nanao hoe, ‘Ianao dia efa...’” Hoy izy hoe, “Efa enim-bolana izao no nametrahana tanao tamiko, ary milaza Ny Teninao fa ‘Mametraha tanao eo amin’ny marary dia ho sitrana izy ireny.’ Ary napetraka tamiko ny tanao anankiray tamin’ireo Mpanomponao voahosotra, nefa tsy mbola sitrana aho. Noho izany, dia mpamitaka sandoka iray Ianao, satria tsy matotra amin’izay Lazainy Ny Teninao.”

²⁹⁵ Noho izany rehefa nandroso ilay vavolombelona, dia izao no marina, hoe “Marina Ny Teniny. Tsy nilaza mihitsy Izy hoe *rahoviana* no Hanaovany an’izany, hoy Izy hoe, ‘Izao famantarana izao no hanaraka an’ireo izay mino; raha mametraka ny tanao eo amin’ny marary izy ireo, dia ho sitrana izy ireo.’ Hitanareo? Hitanareo, izany no Nolzainy hoe, ‘Ho sitrana izy ireo.’ Noho izany na fahagagana avy dia mitranga mihitsy tahaka an’ity ilay izy na fankatoavana an’Andriamanitra fotsiny, dia miankina Aminy ao amin’ny isam-batan’olona izany. Hitanareo? Fa raha mino an’izany ny isam-batan’olona, dia tsy ahoako na mila hafiriana izany. Hoy Izy tamin’i Abrahama hoe, ‘Hahazo zaza iray avy amin’i Saraha ianao.’ Tsy tonga mihitsy ilay zaza nandritry ny dimy amby roapolo taona. Niteny tamin’i Noa Izy fa ‘ho avy ny orana.’ Noa dia nahazo an’ilay tondra-drano...ny—ny sambofiara dia namboarina ho an’ilay tondra-drano, taona maro, maro talohan’ny nahatongavan’ny tondra-drano, saingy fantany fa ho avy ny orana. Hoy ny Baiboly hoe, ‘Ny vavaky ny finoana dia hamonjy ny marary, ary Andriamanitra hanangana azy ireo.’ Rahoviana? Tsy nilaza Izy. Andriamanitra dia mahitsy, marina Izy, vakio fotsiny izay lazain’Ny Teniny.”

²⁹⁶ Izany no nataoko izao hariva izao, nametra-tanao teo amin’ny marary. Ankehitriny, mino aho fa ny tsirairay avy amin’izy ireo dia ho sitrana. Mino aho, fa ny tsirairay avy amin’izy ireo. Mino tahaka an’izany ve ianareo? Ankehitriny mino aho an’ireo olona ory ireo.

²⁹⁷ Misy ramatoa kely iray eto, toy ny hoe tokony ho fantatro, nivavaka ho azy aho omaly hariva, teo amin’ny laharam-bavaka teo. Iza no anarany? Chambers...Chambless. Raha io ramatoa kely io no niaina—no niaina ara-dalana, tsy ory, dia ho vehivavy tsara tarehy iray tokoa izy. Fa mipetraka eo izy ankehitriny, mangovitra. Fanahy maha-te-ho tia, mahafinaritra no ao amin’ilay zazavavy. Ary mipetraka

eo izy mipararetra tahaka an'izao. Oh, toy ny ahoana no hamakian'izany ny foko. Toy ny ahoana no naniriako... ahoana fotsiny no haniriako!

²⁹⁸ Indro misy zaza kely iray, mipetraka eo ny ramatoa mihazona azy. Mihantona ny lela keliny, ory ilay vatany kely. Ahoana moa raha i Joseph keliko io? Ahoana moa raha i Paul kely zafikeliko io? Ahoana moa raha i Rebekah mipetraka ery aoriana ery io, na i Sarah? Ahoana moa raha Rtoa. Simpson eto io no Meda vadiko? Ity tovolahy mipetraka eto ity no Billy Paul? Ity vehivavy azon-taona mipetraka eto ity no reniko? Tsarovy, zazakelin'olona iray io, anabavin'olona iray, zanakavavin'olona iray, ary zanakalahin'olona iray. Hitanareo? Rahalahin'izy ireo aho, Izy no Mpamonjy antsika. Ny hany azoko atao dia...ny finoana izay ananako no atolotra ho fanampiana azy ireo. Izay ihany no fantatro.

²⁹⁹ Ankehitriny, afaka mampiseho fahitana iray amiko ny Tompo, afaka niteny tamiko Izy hoe inona no olana amin'ny tsirairay avy amin'izy ireo. Azoko porofoina aminareo izany, hitanareo, fantatrareo izany. Saingy tsy manasitrana azy ireo izany. Tsy manasitrana azy ireo izany. Tsia, ilay izy dia tsy maintsy zavatra iray izay hitsoboka ao anatin'izy ireo, hitanareo. Ary manantena aho...

³⁰⁰ Toy ny hoe afaka miakatra eto aho ka maka ny tsirairay avy aminareo ary manao batisa anareo amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, tsy hamela ny fahotananareo izany. Tsia, tsia! Tsia, tsy mino ny batisan'ny rano amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho an'ny fanavaozana aho; izaho dia mino fa ny Rà no fanavaozana, hitanareo, tsy—tsy ny rano. Fa, hitanareo, afaka hanao batisa sy hanao batisa aho, saingy miditra fotsiny mpanota maina iray ianareo, mivoaka lena anankiray; hitanareo, raha tsy tena nibebaka marina tokoa ianareo. *Mibebaha*, ary avy eo aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Hitanareo? Ary eo no tsy hifankahazoako amin'ny hetsika an'ny Tokana. Tsy manao batisa ho an'ny fanavaozana, tsia; izaho dia mino fa ny Rà no manadio, fa tsy ny rano. Hitanareo? *Fibebahana*, ary avy eo aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

³⁰¹ Hidina aho mba hivavaka ankehitriny. Ary ireto olona ireto dia zava-dehibe tokoa aminareo tahaka ny maha-izany azy ireo amiko, mihoatra noho izany aza angamba eo amin'ilay rohim-pihavanana.

³⁰² Ankehitriny ndao isika rehetra hifandray miaraka, ary ny tãnanareo ao amin'ny finoana, ary ny tãnako ao amin'ny finoana, hampidina ny tãnan'ny Tompo Jesosy hipetraka eo amin'ireto olona mandringa ireto. Hivavaka miaraka amiko ve ianareo?

303 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Ireo miaraka amin'ny mosara izay ho an'ny marary sy ny ory, afaka maka azy ireo avy hatrany ianareo aorian'ny fivoriana. Ankehitriny dia ampio aho hivavaka ho an'ireto, sitrakareo ve?

304 Andriamanitra, misaotra Anao izahay, Tompo, ny amin'izay Nataonao izao hariva izao. Misaotra Anao mialoha izahay ny amin'ny fahasitranan'ny olona rehetra izay nandalo teo amin'ny laharana. Andriamanitra malala, mivavaka eo amin'ireto mosara ireto aho, angamba ho an'ny anankiray izay tsy afaka tonga tamin'ny fivoriana akory aza, fa ny malalan'izy ireo no nitondra an'ireo mosara. Ao amin'ny Baiboly dia nampianarina izahay fa nalan'izy ireo avy tamin'ny vatan'i Paoly, ireo mosara sy aron'akanjo. Ankehitriny, ireo olona tany aoriana tany ireo dia niaina tao amin'ny Fanatrehanao, nahita Anao teny an-dàlambe izy ireo, nahita Anao tao amin'ny fivoriana, ary nahita Ny Fanahinao iray ihany teo amin'i Paoly izy ireo. Ary fantany fa tsy io lehilahy io izany, izany dia Ny Fanahinao izay nanapaka ny fiainany, satria hitanay i Paoly nanao an'ireo zavatra iray ihany izay Nataonao.

305 Ary ankehitriny, Tompo, ny olona amin'izao andro izao dia mahita an'ilay Andriamanitra iray ihany velona ao amin'Ny Fiangonany miaraka amin'ny Olony. Ary nitondra an'ireto mosara ireto izy ireo, mba hahafahan'izy ireo entina avy eto mankany amin'ireo malalany. Ekeo, Andriamanitra, mba ho sitrana amin'ny Fanaonao manokana ny tsirairay avy amin'izy ireo. Tsy mangataka zavatra iray ho vita amin'ny fanao iray na natiora iray izahay; mangataka fotsiny izahay hoe, "Amin'ny Fanaonao manokana, Ray, sitrano izy ireo." Ho an'ny voninahitr'Andriamanitra, no anolorako an'izao vavaky ny finoana izao eo amboniny. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

306 Nanana fotoam-piombonana nahafinaritra nanodidina ny finoanareo aho, ny fanatrehanareo tao amin'i Jesosy Kristy. Ho fivoriana iray izay ho tsaroako ela izao ny amin'izay niseho: fitiavana, fiaraha-miasa, fiombonana.

307 Ary ankehitriny, mandra-pihaonantsika indray, dia enga anie Andriamanitry ny Lanitra hitari-dàlana anareo. Izy Izay manao ny kintana hamirapiratra amin'ny alina mba hanazava ny lalana rehefa mihamaizina izany, enga anie Izy hanazava ny lalanareo amin'ilay Kintan'i Betlehema mba hitari-dàlana anareo ao amin'ny fiainana voatolotra tanteraka ao amin'Ny Teniny, izany no fivavako.

Mandra-pihaonantsika, mandra-pihaonantsika,
Mandra-pihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy;
Mandra-pihaonantsika, mandra-pihaonantsika,
Homba anao anie Andriamanitra
mandra-pihaonantsika indray.

308 Ankehitriny ndao isika hitsangana. *Ny Finoako Miandrandra Anao!*...?...Izaho...eny, hovaiko ilay izy. Mino aho fa tsara izany. (Miala tsiny aho.)

Ny finoako miandrandra Anao,
 Ianao Zanak'ondrin'ny Kalvary,
 Mpamonjy Masina!
 Ankehitriny henoy aho raha mivavaka,
 Esory ny fahotako rehetra,
 O avelao aho manomboka amin'ity andro ity
 Ho Anao manontolo!

309 Ankehitriny ndao isika hifandray tànana rehefa mihira izy ireo.

Raha mamindra ao amin'ny làla-maizin'ny
 fiainana aho,
 Ka miangona manodidina ahy ireo fahoriana,
 Aoka Ianao no ho Mpitari-dàlako;
 Didio ny aizina hivadika ho andro,
 Fafao ireo ranomason'alahelo,
 Ka aza mamela ahy mihitsy ho very
 Lavitra Anao.

310 Mahatsapa ho tsara ianareo ankehitriny, sa tsy izany?

Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy toy
 ny oram-panala,
 No andefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

Ankehitriny eo ambonin'ny elatry ny
 voromailala fotsy toy ny oram-panala,
 No andefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

311 Izany no hafatra famaranan-tsika an'ity asam-pitoriana ity.

Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy toy
 ny oram-panala,
 No andefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

312 Ahondreo ny lohantsika. Raha misamonomonona hira iray ireo kodiarana rehefa mody, dia matoky aho fa izany no...handre ny fisamonomonon'ireo kodiarana ianareo, ny fitreron'ny motera.

Eo ambonin'ny elatry ny voromailala fotsy
 toy ny oram-panala,
 No andefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

[Manomboka misamonomonona ny isan'andiny Rahalahy
 Branham—Mpand.]

...voromailala,
 No andefasan'Andriamanitra ny Fitiavany
 madio, mamy,
 Famantarana iray avy any ambony,
 Eo ambonin'ny elatry ny voromailala.

³¹³ Miraka amin'ny lohanareo miondrika, izaho dia
 manolotra anareo ho an'ny...Rahalahy Noel. 

EO AMBONIN'NY ELATRY NY VOROMAILALA
FOTSY TOY NY ORAM-PANALA MAG65-1128E
 (On The Wings Of A Snow-White Dove)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny
 Teny Anglisy ny Alahady hariva, 28 Novambra, 1965, tao amin'ny Life
 Tabernacle ao Shreveport, Louisiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny
 horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana
 amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2015 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
 P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org